ANKADIMBAHOAKA 4

# FATIN-JAZAKELY TSY NISY LOHA HITAN' NY OLONA, 1 HAFA NATSIPY TANY ANATY TATATRA

MARINA IZANY ! 6

HOJEREM-POTSINY VE !

POOPY - 40 TAONA NIHIRANA 3



HIVOAKA AMIN'NY ALAHADY NY RAKITSARY VAOVAO "KORANA LIVE"



Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7555 Taona faha-25 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alakamisy 27 aprily 2023


EFA MISY MATY MOSARY ANY NAMORONA 7

# MIHALALINA NY FAHANTRANA, VAKY VAVA NY BANKY IRAISAM-PIRENENA



KOHEN RIVO LALA 11

NAMALY BONTANA AN'ING. JEAN NIRINA



GAZETY VALIHA ho hitanao ato 16

JIRAMA - FAMATSIANA SOLIKA MAVESATRA 7

NANAO ANTSO TOLO-BIDY IRAISAM-PIRENENA







Rabejean Miarinarivo

# "Zavamaneno tena tsara sy mitondra fanasitranana anaty ary manome hery ny sodina"

*Miavaka tanteraka amin'ireo sodina tena izy ny azy fa ny feo avoaka dia iray tsy misy miova fa tena hoe sodina.*

« Ny sodina dia zavamaneno tena tsara sy mitondra fanasitranana anaty ary manome hery » hoy Rabejean Miarinarivo izay mpitsoka sodina vava. Mitovy amin'ny valiha ihany hoy izy ity zavamaneno ity rehefa mitsoka azy satria dia samy mitondra fanasitranana . Vao maheno feon-tsodina mantsy ianao dia mitory embona sy hanina ka mampahatsiaro ilay tany niaviana ka manamaivana ireo ratra ao anaty sy ny alahelo raha



**I Rabejean Miarinarivo.**

sendra any am-pilàna ravinahitra any ianao hoy hatrany izy manazava. Manamaivana ny mavesatra rehetra amin'ny olona mpiangaly na mpankafy iray koa izany. Ny sodina dia antsika Malagasy irery ihany saingy tsy isika no nitondra azy teto fa ny vahiny avy any Arabie Saoudite tamin'ny taonjato faha fito ambin'ny folo tany. Anisan'ny mampiavaka an-dRabejean Miarinarivo mpanakanto mpandala ny kolontsaina Malagasy Zanak'Itasy moa izany hoe mitsoka sodina vava izany, izany hoe ny vavany fotsiny izany miampy fitaovana izay hita maso eny toy ny ravinkazo ohatra no amoahany feo ka dia lasa toy ny hoe mitsoka sodina mihitsy izy. Miavaka tanteraka amin'ireo sodina tena izy ny azy fa ny feo avoaka dia iray tsy misy miova fa tena hoe sodina. Nolovainy tamin'ireo Razambe fahagolan-tany io talentany io raha ny nambarany satria taloha nahatongavan'ny sodina tsofina teto Madagasikara dia io zavatra ataony amin'ny ravinkazo na zavatra hafa atao imolotra io no nataon' ireo Razambentsika Malagasy zava-maneno tamin'izany ka mamoaka feo toy sodina. Raha hazavaina tsotsotra, ny tena sodina dia zavamaneno vita amin'ny karazana zava-maniry antsoina hoe "volontsangana" Nasiana lavadavaka io volontsangana io rehefa voadio sy voakarakaraka ka mamoaka feo samy hafa rehefa tsofina sy mifandimby manentsina an'ilay lavaka ny rantsan-tanana. Misy lavaka enina ny sodina tena Malagasy telo ambony telo ambany fa taty aoriana izy misy manisy lavaka fahafito tao ambadika, mamoaka feo marevaka izay ifanenan'ny hira feno embona sy hanina ary fifalian-tsaina anaty izany.

**Tanya.R**

Bodo etsy amin'ny Cc Esca

# Ho avy hihira ny hirany ireo mpanakanto zandriny

Anisan'ireo efa zokiny eo amin'ny sehatry ny mozika raha i Bodo, dimy amby telopolo taona mantsy izao no efa naha mpanakanto azy. Maro be ireo mpanakanto zandriny aty aoriana no mankafy ny sanganasany, ny hira ataony ary misy efa maro be amin'izy ireo ary no efa nampiara-peo taminy tamin'ny hira iray. Amin'ity indray mitoraka ity kosa dia hiray sehatra amin'ireo mpanakanto zandriny ireo mihitsy i Bodo ary izy ireo no hihira ny hirany miaraka aminy. Amin'ny alahady 7 mey izao izany seho izany no ho atao etsy amin'ny Ccesca Antanimena. Ho avy ao ry Mr Sayda, Ayam, Nate Tex, Safiid, Steph Rambi,



**Seho miavaka no ho hita amin'io.**

Betia, Lovatiana, Yrinaf, Lucas ary Mendryka. Entina hanamarihana ity hetsika ity moa dia namoaka hira iray i Bodo ny alatsinainy teo izay nampitondrainy ny lohateny hoe : "Fitia mikomy". Nahafantarana an'i Bodo moa ny mihira fitiavana ary mbola tsy miala amin'izany mihitsy izy. Amin'ity hirany vaovao ity izao dia mitantara izy fa *« Amin'ny fitiavana, misy ny miakatra sy midina, rehefa reraka ny fo, dia avelantsika ny atidoha. Na izany aza, rehefa matanjaka kokoa ny fitiavana, dia tsara kokoa ny miandry mandra-pahatapitry ny ody »*, raha ny voarakitra ao anatin'ny tononkira. Olona romantika, sy olon'ny fo ihany koa i Bodo, izay koa no nahafantaran'ny besinimaro azy hatramin' izay ka dia tsy hiova vetivety izy ary mbola mitàna izany endrika feno fitiavana izany toy ny tamin'ny voalohany. Miavaka ihany koa ny talentany ary tsy miova izany na dia dimy amby telopolo taona aty aoriana aza.

**Tanya.R**

Mariky ny Tendro 2023

# Hifarana ny alahady izao ny fifaninanana sary famantarana isan-tsampana

Hetsi-panabeazana nasionaly tarihan'ny ekipa nasionaly, ny "Tendro", izay hiombonan'ny Sampana Mavo, Sampana Maitso, Sampana Mena ary ny Menafify eo anivon'ny Tily eto Madagasikara ary isaky ny efataona no hanatanterahana azy. Amin'ity taona ity, hankalaza ny tsingerin-taona faha-30 nisiany ny Tily eto Madagasikara ary any Fianarantsoa no hanamarihana izany. Misy maripamantarana ny Tendro ary nisy ny lalao fifaninanana mikasika izany izay efa nisokatra tamin'ny 23 marsa lasa teo ary hifarana ny Alahady 30 Avrily izao. Amin'ny maha-sehatra nasionaly azy dia nomena anarana manokana izy ireo mba hanavahana azy



**Amin'ny maha "Tendro " azy izay dia izay tena lohany eo anivon'ny faritany no miatrika azy.**

amin'ireo atao isam-paritany tily. Natokana hiantsoana ny lalao nasionaly irery ihany ny fiantsoana hoe Tendro, Remby, Lomay, Diñiery, Ampamoloana. Ho fiarahana milalao hatrany nosokafana ny fifaninana ny marika ho an'ireo lalaon'ny Sampana Mavo (REMBY), Mena (DIÑIERY) ary Menafify (AMPAMOLOANA). Ny an'ny Sampana Maitso (LOMAY) moa efa manana ny marika azy efa vonona. Alefa amin'ny ekipa Faritany ka ny Faritany no handefa izany amin'ny Foibe. Atao anaty valopy lehibe mihidy ilay mari-pamantarana sy fanazavana ny heviny. Valopy faharoa mihidy misy ny fisy misy ny mombamomba ilay mpandray anjara sy ilay asa tanany asiana ny anarana feno, fiantso, daty nahaterahana, fivondronana, faritany, laharana finday, anarana facebook, email raha misy. Ny 10 May ny fara-fandraisana ireo asa tanana nalefan'ny faritany. Ny 13 may kosa no fanokafana ireo asa tanana rehetra sy fifantenana (DFB, DSS, FFB).

Marihana fa ny taona 1993 no nisian'ny Tendro voalohany

**Nangonin'i Tiaray R**

Tarika Samoela

# Hanakoako etsy amin'ny "Honor'A" ny Bandy Rangahy



**Taorian'ny hetsika goavana tetsy amin'ny kianja Esca Antanimena dia hanakoako any amin'ireo toeram-pilanonana samihafa indray ny hiran-dRy Samoela.**

Mitohy ny revy Samoela! Taorian'ny hetsika goavana tetsy amin'ny kianja Esca Antanimena dia hanakoako any amin'ireo toeram-pilanonana samihafa indray ny hiran-dRy Samoela miaraka amin'ny Bandy Rangahy. Ny zoma izao hanomboka amin'ny 9 ora alina no hisantarana izany etsy amin'ny Honor'A Mahamasina. Entin'i Samoela sy ny akamany ao ireo hira nanamarika ny mpankafy sy zareo nandritra izay 25 taona niarahana nihosona izay. Hasongadina mandritra io fotoana io anefa ireo hira noraketina anaty USb nivoaka farany teo izay nitondra ny lohateny hoe " Bandy Rangahy" misy an-dry "Marenina Aloha", "Asio lasary kely" ary "Ao ve" sy ny maro hafa. Hampiavaka ity fampisehoana ity kosa ny fangatahan'ny mpankafy hira miaraka amin'ny hafatra kely. Fomban'i Samoela moa io manao zavatra tsy dia ampozina io kanefa dia tena maro mpankafy tokoa. Efa eo am-pamerenana faraparany ny vazo entin'ny tarika etsy amin'ny Honor'A moa ry zalahy amin'izao ary antenainy fa ho avy ao daholo ny mpankafy. Ny Honor'A ihany koa dia vonona hanome fahafaham-po ny mpanjifa amin'ny alalan'ny sakafo sy tonotono ary zava-pisotro mampiavaka azy ireo. Fa ankoatra izay dia azo jifaina amin'io fotoana io ihany koa ilay "Usb Bandy Rangahy", ny karaoke Samoela, rakikira sy rakitsary hatramin'ny niantombohan'i Samoela ka hatramin' izao ary tsy hadinoina ihany koa ny t-shirt manamarika ny faha-25 taona.

**Tiaray R**



Poopy - 40 Taona nihiràna

# Hivoaka amin'ny alahady ny rakitsary vaovao "Korana live"

*Fampisehoana manontolo nataony tetsy Antsahamanitra farany teo no noraketiny anaty kapila mangirana roa.*

Andro sisa isaina dia tonga ilay fotoana nifamoezana. Ny alahady izao tokoa mantsy no hankalaza amin'ny fomba manetriketrika ny tsingerintaona faha-40 nihirany i Poopy. Etsy amin'ny lapan'ny fanatanjahantena sy ny Kolontsaina etsy Mahamasina no hanatanterahana izany izay hanomboka amin'ny 2 ora tolakandro. Hetsika maro izay tsy ampozina no hitranga mandritra io fotoana io ka ankoatra ny seho an-tsehatra dia amin' io fotoana io ihany koa no hamoahan'i Poopy ny rakitsara vaovao anaty DVD nampitondrainy ny lohateny hoe ""korana live". Fampisehoana manontolo nataony tetsy Antsahamanitra farany teo no noraketiny anaty kapila mangirana roa ao anatin'ny fonosana iray. Hira 40 no ao anatiny izay nataony hanamarihana manokana ny faha-40 taonany. Amidy mandritra ny fampisehoana io rakitsary io ary natao mirary takatry ny fahefa-mividin'ny tsirairay ny vidiny. Amin'io fotoana io ihany no hahitana ity vokatra sy sanganasa vaovao "Korana Live"ity.



**Rakitsary nandritra ny fampisehoana tetsy Antsahamanitra farany no voarakitra ao anatin'ny "korana Live".**

Tiana ny mampatsiahy fa mizara sokajy efatra ny toerana ao amin'ny Lapan'ny kolontsaina sy fanatanjahantena amin'io fotoana io dia ny toerana tsotra, Resa Gradin, VIP 1, VIP 2 ary ny fanasana manokana. Ho an'ireo izay mbola tsy nahazo tapakila dia misy ny rohy ahafahana mamandrika izany dia ny www.ticketplace.io. Ankoatra izay dia misy eny amin'ny botika_ Mass'in La city Ivandry, Akoor' Digue, Smart Tanjombato, Isoraka, Mass'In Music enceinte Jumbo Score Ankorondrano

**Tiaray R**

Haga

# Hamelona sy hanatsara ireo hiran-dRadama Antoine

Mialoha ny nameloman-dRahaga Lalao fantatry ny maro amin'ny hoe Haga ny hiran'ny Vetson'Andrоy dia mpihira tao amin'ny Tarika Radama Antoine izy. Maro be ny hira nahafantarana sy nampalaza azy tamin'ny fotoan'andrоny ka hatramin' izao ka santionany amin'izay ilay hira hoe "Ao Va re kala raha igny e !"sy "Razanapaniry", "Magnagnandro izalahy iny". Fampiroboroana ny kolontsaina sy ny fomba Betsileo no tena nampiavaka azy ireo ka nivoizany dihin-drazana "Sandra magnagnika" sy ny "kidodo". Nivelatra tamin'ny gadona hafa ihany koa anefa izy ireo tsy nihanona tamin' izany ihany. Amin'izao fotoana izao, hamelona sy hanamboatra ireo hiran'ny Tarika Radama Antoine ireo hanaraka ny toetrandro i Haga. " *Tsy maintsy ampanarahana ny fivoarana misy ny mozika satria izay no filana amin'izao fotoana fivoaran'ny teknolojia izao. Tazomina ny fomba nanaovan'ny mpamorona azy fa somary hanampy feon-javamaneno hafa anaty mozika izahay"* hoy i Haga. Eo ampanaovana izany i Haga sy ny ekipany ankehitriny ary vinaniana hivoaka amin'ity taona ity ireo fanamboarana ireo raha tsy misy ny sampona. Ny taona 2020 izy ireo no nanam-pikasana anao izany saingy noho ny valanaretina dia tsy afanihetsika. Fa ankoatra izay dia mbola mitohy ihany koa etsy ankilany ny famoronan'i Haga hira ara-pilazantsara. Efa namoaka rakikira (DVD) roa mikasika izany mihitsy moa izy ary azon'ny rehetra jifaina eny amin'ny "Librairie Catholique" manerana ny Nosy izany. Nambarany fa *"tsy feno ny maha mpanakanto ahy raha ny hiran'izao tontolo izao ihany no ataoko fa tokony ahazo ny anjarany ihany koa ny mpino krisitianina amin'ny fotoriana ny vaovao mahafaly"*. Izy rahateo dia notaizana tamin'izany hatramin'ny fahazazany.



**Folo mianadahy no fitambaran'ny mpitendry sy ny mpandihy ary ny mpanao feo lafika miaraka amin'i Haga.**

Amin'izao fotoana izao dia folo mianadahy no isan'ny mpitendry sy ny mpandihy ary ny mpanao feo lafika miaraka amin'i Haga. Mbola tanora vao herotrerony avokoa izy ireo kanefa efa manana ny maha izy azy sy mahafeny ny mozika rehetra. I Haga ihany moa no mpitarika. Amin'ity taona ity ihany koa no feno 35 taona ny niakaran'i Haga sehatra voalohany. Hanamarika izany izy saingy mitady fiaraha-miasa amin'ireo mpikarakara lanonana mba hahalavorary ny fankalazana.

**Tiaray R**

HOTSAKOTSAKOINA
"Izay tianao hahatongavany rahatrizay, meteza ianao ho tena reny, reny miavaka, reny modely."
Ny Vetso (07.09.16)
("Be the women you want your daughter to be.")

" International Jazz day "

# Hisy hetsika fankalazana hatao etsy amin'ny "avenue" Analakely



**Hetsika iray nataon'ny Mada Jazz.**

Hetsika ara-kolotsaina iray izay efa hankalazain'ny firenena maro sy Indianoceania nandritra ny taona maro nifanesy izao ny « international Jazz day ». Tanjona ny hampalaza sy hampiroborobo ny jazz, ary ho antsika eto Madagasikara manokana dia ny hametraka fiaraha-miasa eo amin'ireo mpitendry mozika malagasy sy vahiny ary hanofana tanora izay efa manana talenta na tsia mba ho mpitendry jazz matihanina no tena kendrena. Araka izany dia mandray anjara amin'ny hetsika foana koa isika isantaona izay karakarain'ny fikambanana Madajazzcar. Ho amin'ity taona ity dia etsy amin'ny avenue Analakely amin'ny 30 aprily izao izany no ho tanterahana. Tsy miova moa io daty io fa io foana no andro nakalazàna izany hatramin'izay. Nanomana hetsika maro izy ireo izay hatao mandritra ny tontolo andro ka ho voizina ao ankoatra ny mozika Jazz dia ny fanentanana ny olona amin'ny resaka fiarovana tontolo iainana izay hanoroana azy ireo ny atao hoe « recyclage ». Entanina mihitsy araka izany ny rehetra mba hitondra tavoahangy plastika na fitoeran-drano plastika miloko, embalazy, taratasy fotsy efa niasa na ireny gazety ireny. Tian'ny fikambanana haseho foana moa isantaona mandritra ny hetsika ataon'izy ireo tahaka izao fa tsy vitan'ny hoe mozika fotsiny ny Jazz fa tena endrika zavakanto afaka mampivondrona olona avy amin'ny kolontsaina samihafa, avy amin'ny fiaviana samihafa mihitsy izany. Mandrava ny sakana sy mampivondrona ny olona. Izany no hahafahana mampiray, maneho, mampita ary manentana ny soatoavina toy ny fitovian-jo, ny fandriampahalemana, ny fanajana ny fiheveran'ny olombelona, ary ny fiarovana ny tontolo iainana...Seho mahafinaritra sady miavaka hatrany no hatolotr'izy ireo ka dia antenaina isika ho tonga maro hanatrika izany.

**Tanya.R**

PETITES ANNONCES Gazetiko

MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 033.72.834.38 / 034.22.160.88. (G-BA 519/20-20)

* Fanaka, frigo, congélateur, machine, kojakoja an-dakozia... Tél : 032.40.056.16 / 033.11.173.27. (G-BA 529/20-7)

* Fitaovan-dakozia, poketra, vy, boky, kilalao, tél, debara. Tél : 033.92.035.13 / 034.89.917.62. (G-BA 533/13-3)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia, etc.... Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 528/10-7)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 528/10-7)

FORMATION

* Format° coiffure tsisy écolage. Iantohanay ny fitaovana. Tél : 034.93.010.74. (G-BA 530/10-5)

FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy " coupe homme ". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 531/10-5)

COURS

* Cours coiffure complet, tsisy écolage, afaka misafidy fotoana hianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 539/15-1)

SERVICE

* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plomberie, réparation, nettoyage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 536/7-3)

* Vidange wc & puisard, construction, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79 (G-BA 537/10-3)

VIDANGE

* Vidange fosse septique Makiplast, puisard, wc gasy, wc perdu. Tél : 034.20.084.25 / 033.21.723.00. (G-BA 535/15-3)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 538/6-2)

* Manao asa momba ny vidange wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 538/6-2)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 538/6-2)

Ankadimbahoaka

# Fatin-jazakely tsy nisy loha hitan'ny olona, iray hafa natsipy tany anaty tatatra

*Nofonosina "sachet" ilay iray dia avy eo natsipy tao anaty rano maloto.*

Hatairana ny an'ny olona tamin'ny fahitana ity fatin-jazakely tsy nisy loha sy tanana teny Ankadimbahoaka omaly maraina. Ireo olona sendra nandalo no nahita izany ka nampandre ny manodidina. Vetivety dia nitangorona ny olona teo amin'ny manodidina hijery sy hamantatra ny zava-nitranga. Efa tsy nisy namantarana azy intsony ilay zaza fa rotidrotika tanteraka. Raha ny fanazavana azo dia mety notaritarihan'ny alika izy ity ka io efa tsy hita io intsony ny lohany sy ny tanany. Mbola tsy fantatra kosa ny niavian'io fatin-jaza io. Fa ankoatr'io dia fatin-jazakely vao teraka ihany koa no hita nisy nanary teny Ankazomanga omaly maraina. Nofonosina "sachet" ilay izy dia avy eo natsipy tao anaty rano maloto. Raha ny fanazavana hatrany dia zaza nateraka mihitsy ilay izy saingy tsy fantatra na maty teo am-piterahana na sanatria novonoina mihitsy. Tsy hay intsony na vokatry ny tsy fananana tokoa no mahatonga ny olona sasany hanaotao foana toy izao amin'ny menaky ny ainy na fialana andraikitra tsotra izao. Efa matetika mihitsy no ahitana trangan-javatra toy izao indrindra fa eto Andrenivohitra. Misy ireo manary ny zanany any anaty dabam-pako na lava-piringa. Mazava ho azy fa amin'ny andro alina no hanariana izany mba tsy hisy hahita ; Ireto tranga ireto izao dia tsy nisy fantatra ny reniny. Vao afakomaly ihany koa no nisy ilay zazakely roa taona maty natsipin'ny reniny tany anaty rano tany Beronono-Anjozorobe noho ny olana tao an-tokantranony.

R.C

Ankadilalana

# Tovolahy 19 taona mifoka sy mitsindrona rongony any am-pianarana



Ireo zavatra tratra tany amin'ilay mpianatra.

Tovolahy iray 19 taona mpianatry ny lycée no voasambotry ny polisy afakomaly tokony ho tamin'ny 11 ora antoandro teny amin'ny sekoly iray teny Ankadilalana noho ny fidorohana sy fitsindronana zava-mahadomelina. Mitohy hatrany ny hetsika ataon'ny polisy manoloana ny fiparitahan'ireo karazana rongony sy zava-mahadomelina isankarazany eto an-drenivohitra. Anisan'izany ity tranga iray izay niseho tamin'ny sekoly iray teny Ankadilalana ity. Ny tomponandraikitra tao amin'ilay sekoly no niantso ny polisy mikasika ny fisiana tovolahy iray vao erotrerony mifoka sy mitsindrona rongony any am-pianarana tamin'io andro io. Raha vao naheno izany ny polisy avy ao amin'ny boriborintany fahadimy dia nandeha teny an-toerana ary nanao fisavana ka dia nahitana rongony sy seringue tany amin'ity tovolahy ity. Nosamborina avy hatrany izy ary nentina tany amin'ny kaomisaria nanaovana fanadihadiana manokana.

*Nahitana rongony sy seringue tany amin'ity tovolahy ity.*

**Mpivarotra ihany koa**

Fa mikasika izay resaka zava-mahadomelina izay ihany dia lehilahy 37 taona mpivarotra rongony ihany koa no saron'ny polisy avy ao amin'ny boriborintany faharoa teny Ankatso omaly. Nanao fisafoana toy ny mahazatra azy ny polisy ka nandritra izany no nahasamborana. Nosavaina teny aminy ka nahitana fonosana rongony enina. Nentina natao famotorana tany amin'ny biraon'ny polisy ny tenany ka niaiky ny heloka vitany izy nandritra izany ary nilaza fa efa mpivarotra rongony eny amin'ny faritra Ankatso eny. Mitohy ny famotorana.

T.H

Toamasina

# Ravan'ny zandary ny tambajotra mpangalatra môtô



Ireo môtô halatra tratra!

Niainga tamin'ny fahatrarana mpangalatra môtô iray ny herinandro lasa teo tao Toamasina no nahasaronan'ny zandary ity tambajotra ity. Rehefa nofotorana io dia nanondro ny namany sy ny toerana fanaterany ireo môtô avy hangalariny. Nidina ifotony nijery izany avy hatrany ny zandary ka hita teo akaikin'ny fiantsonan'ny taksibrosy ny môtô halatra. Tsy nisy taratasy avokoa ireo rehefa nosavaina. Lehilahy iray ihany koa no tratra teo am-pandokoana ireo môtô halatra ireo. Araka izany dia efa tambajotra matanjaka tokoa izy ireto satria misy ny mpangalatra, ny mandoko sy mpanamboatra ny môtô mba tsy ho fantatry ny tompony ary ny mpivarotra ny entana. Nogiazana avokoa ireo môtô halatra tratra ireo, izay tsy fantatra ny tompony. Notanana natao famotorana ireo roa lahy voasambotra. Mbola mitohy ny fikarohana ny namany.

R.C

Moramanga

# Jiolahy raindahiny voasambotry ny miaramila

Anisan'ny tomponantoka tamin'ny fanafihana mitampiadiana narahina fandorana trano miisa enina tao Faravohitra-Moramanga ity jiolahy raindahiny ity. Ny herinandro lasa teo no voasambotry ny miaramila avy ao amin'ny Fari-piarovana sy Filaminana Pangalana izy ity. Nampihorohoro ny mponina tao Andrabakely, fokontany Anjiro, kaominina Tanambao-Besakay ity jiolahy ity. Ny 23 novambra 2022 no nitrangan'io fanafihana io, izay nahaverezana vola mitentina 7 tapitrisa Ariary. Miisa telo ambin'ny folo ireo jiolahy nanafika tamin'io ka mbola mitohy ny fikarohana ireo namany amin'izao. Natolotra ny zandary avy hatrany ilay jiolahy. Marihina fa manatanteraka hetsika "Tselatra" any amin'iny faritra iny ireo miaramila amin'izao ka nahitam-bokany sahady izany. Nahatrarana basy moa ity jioahy ity.



Ilay basy tratra !

R.C

## Tatsy sy taroa

**# Lehilahy iray indray no lasibatry ny mpanendaka teny amin'ny tohatohabaton'Ambondrona** ny Talata hariva teo. Raha ny fanazavana azo dia andian-jatovo nitondra antsy maranitra no nanendaka azy. Niezaka nanohitra ilay rangahy ka nifampisintonana ilay antsy fa tsy azony. Naratra vokatr'izany izy, ireo andian-jatovo kosa lasa nitsoaka nandositra. Tsy nisy ny zavatra lasa.

**# Tratra tao amin'ny rangahy iray mpividy omby halatra tao Mahabo-Mananivo ny omby** halatra iray efa nokarohina nandritra ny fotoana naharitra ny Alahady hariva teo. Efa nahavitany FIB sy taratasy fifampivarotana ilay izy. Nogiazana avy hatrany ilay omby ary notananana mba ho fotorana ilay rangahy.

R.C

## Manal azy de mimeme



Manakara

# Lehilahy maty voatsindrona teo amin'ny tendany

*Tsy teo amin'io toerana nahitana ny fatiny io izy no nisy nandratra fa tany an-kafa.*

Lehilahy iray 43 taona no maty nisy nanindrona zavamaranitra teo amin'ny tendany tany amin'ny distrikan'i Manakara ny alin'ny talata hifoha alarobia lasa teo. Araka ny fanazavana azo, ny fatiny efa nitsilany teo amin' ny arabe teo amin'ny toerana antsoina hoe Ambodirotra, fokontany Maroalakely any amin'io distrika volaza etsy ambony io no nisy nahita ka nampandre haingana ny fokonolona. Dia nisy nampandre mikasika ny fisian'ity fatin-dehilahy ity ihany koa taorian'izay ny zandary ka raha vao nandre izany izy ireo dia nandeha nidina ifotony nijery ny zava-niseho. Efa maty tanteraka ary feno rà ralehilahy tamin'ny fotoana nahatongavan'ireo mpitandro filaminana teny ary nahitana dian-javamaranitra teo amin'ny tendany. Tsy nahatody vokatry ny fahaverezan-drà be loatra nivoaka taminy no voalaza fa nitarika ny fahafatesany. Araka ny fanazavana azo hatrany raha ny fijeren'ireo tomponandraikitra nanao fizahana dia nisy namono ity lehilahy ity. Ary tsy teo amin' io toerana nahitana ny fatiny io izy no nisy nandratra fa tany an-kafa ary mety niezaka ny nandeha hatrany rehefa lasa ny nahavanondoza ka tsy nahatody ny diany intsony izy dia izao nitsirara teo amin'io toerana ny fatiny io izao. Marihana fa fantatra ny mombamomba ity maty ity. Mpivaro-kena monina ao Maroalakely Manakara izy. Efa natolotra ny fianakaviana ny razana taorian'ny fizahana natao. Mitohy ny famotorana.

T.H

Antsalova

# Raikitra ny fifampitifirana, dahalo iray maty, 2 hafa naratra

Raikitra ny fifampitifirana teo amin'ireo dahalo andaniny ary ireo mpitandro filaminana sy ireo vatan-dehilahy kosa ankilany tany amin'ny kizo eo atsinanan'Andimaky, ao amin'ny fokontany Arindrano any amin'ny distrikan'Antsalova afakomaly tokony ho tamin'ny 1ora tolakandro. Vokany: iray tamin'ireo dahalo no maty ary roa hafa kosa naratra saingy mbola nentin'ny namany nitsoaka. Araka ny fanazavana azo dia nisy ny fampandrian-tany nataon' ireo fokonolona sy ny mpitandro filaminana tany amin' ity distrika ity ka tamin'io fotoana io nandritra ny fisafoana kizo no nifanehatra tamina sivy lahy nitondra basy sivy sy zava-maranitra ary niravaka ody gasy maro izay nisakana azy ireo.

**Tonga dia nitifitra**

Tonga mantsy dia nitifitra ireo olon-dratsy ka voatery namaly izany ireo mpanao kalony dia io nitarika fahafatesana tsy tra-drano teo amin'ny dahalo iray 25 taona. Ary azon'ireo mpanao kalony ny basim-borona iray teny aminy. Efa natolotra halevin'ny fokonolona ny razana taorian'izay. Dia io mbola nisy an'ireo dahalo roa hafa naratra ihany koa mbola lasan'ny namany nitsoaka. Fa ankoatra izay, nisy mpanao kalaony iray naratra teo amin'ny tanany voan'ny zava-maranitra. Fantatra fa tsy misy atahorana ny mikasika ny fahasalamany. Mitohy ny famotorana sy fikarohana ireo dahalo tafatsoaka.

T.H

Ambalavao

# Sprinter iray kila tanteraka



**Toy izao ny niafaran'ilay fiara.**

Fiara sprinter iray no maty tanteraka ny talata lasa teo tokony ho tamin'ny 11 ora alina tany amin'ny lalampirenena fahafito iny, tany amin'ny pk 492+800, atsimon' ny fokontany Ilomay ao anatin'ny kaominina Besoa any amin'ny distrikan'Ambalavao. Araka ny fantatra dia fiara sprinter fourgon iray mpitatitra entana ity hotohoton'ny afo ity. Nijanona teo amin'ny sisin-dalana ary mitodi-doha mankany atsimo ilay fiara tamin'io. Tsy fantatra izay zava-niseho satria tsy nisy nahita izany fa dia ilay fiara efa nirehitra no hitan'ny olona teo. Tsy fantatra araka izany ny tena antony nahatonga ny fahamaizan'ilay fiara. Nifamonjena ny namono ny afo saingy tsy voafehy izany ka naha kila azy tsy nisy noraisina.

**Tsy nahafaty**

Efa nampandrenesina ny zava-nitranga ihany koa ny zandary avy any Ankaramena ka raha vantany vao naheno izany izy ireo dia tsy niandry ela fa avy hatrany dia nandeha tany amin'ilay toerana nisian'ny loza. Niezaka ny namono ny afo ihany koa izy ireo saingy tsy nahafaty ny firehetana ka nanao fiarovana ny manodidina mba tsy hitaran'izany. Tamin'ny fotoana nahatongavan'ireo mpitandro filaminana tany an-toerana dia tsy hita teny an-toerana ny mpamily. Nisy moa ny fepetra noraisina dia ny fametrahana zandary teny an-toerana mba hialana amin'izay mety hisian'ny fanararaotana.

T.H

Gazetiko

25 taona

## FIFANINANANA TONONKALO

### IREO NAHAZO LOKA

*Betsaka ianareo no nandray anjara tamin'ny "Gazetiko 25 taona - Fifaninanana tononkalo". Na izany tamin'ny mpamaky nandefa tononkalo na izany tamin'ny mpamaky nitsara nifidy ireo tononkalo dimy mendrika indrindra. Nahatratra 648 ny tapakila fandraisana anjara tamin'ny tononkalo ka ny 18 tamin'ireo tsy nahafeno ny fepetra. Tamin'ireo tononkalo 630 nandalo teo anatrehan'ny mpitsara, nisongadina ny tononkalo folo (10) ka navoaka teto amin' ny gazety mba hifidiananareo mpamaky izay dimy (5) mendrika indrindra.*

*Ireto àry ireo tononkalo dimy hahazo loka ireo araka ny safidinareo mpamaky :*

**Voalohany : T1 mahazo 500.000 ariary**

**"Gazetiko 25 taona"**

Izahay mpamaky faly miarahaba etoana
Amin'izao taon-jobily volafotsy izay tsaroana
Gazety iray miavaka ahitana vaovao
Torohevitra, tantara ao koa ireo lalao
Enga anie ka hihatsara, izay no firariantsoa
Ho gazety tokana tena miavaka tokoa
Dia ho traty ny ela indrindra haharitra hatrany
Satria gazety tsara rindra izany hoe Gazetiko izany

**RAKOTOARINTSIFA**
**Hery**
**II C 38 Ampandrana**
**033 11 576 29**

**Faharoa : T9 mahazo 400.000 ariary**

**"Gazetiko 25 taona"**

Sesehena ireo gazety mpiseho isa-maraina
Fa hafa ihany ny Gazetiko manintona ny saina
Roapolo taona miampy dimy no efa niorenany
Mahaliana hatrany ny vaovao izay fantenany
Rariny aho raha hiarahaba ary koa hirary soa
R'ilay Gazetiko isan'andro ankafiziko tokoa
Haharitra ela indrindra e ary koa ho tsofin-drano
R'ilay Gazetiko atonta eny Ankorondrano

**RAVELONANTOANDRO**
**Roger**
**214 AN Bis Ambohipanja**
**Ankadikely**
**033 08 060 40 na**
**034 35 490 78**

**Fahatelo : T4 mahazo 300.000 ariary**

**25 taona**

Dimy amby roapolo taona
Toera-maro no voatetiko
Fa n'aiza n'aiza tafahoana
Sy mamaky anao GAZETIKO
Isan'andro be mpitaky
Ny GAZETIKO, aiza ianao ?
Fa mahaliaba bt mpamaky
Ny andinin-dahatsoratrao !

**RAZAFIMALALA**
**Andonirina Mario**
**Amontana Fianarantsoa**
**/ 034 05 161 84**

**Fahefatra : T2 mahazo 200.000 ariary**

**Ilay Gazetiko**

Zava-misy, pôlitika, samihafa, kolontsaina…
Anaty pejy valo isan'andro tantaraina
Soa zaraina maro, sarobidy, tsy voavidy
No maharaka vaovao, sady ala voly no lalao !
Nanovozako harena, fahalalana sesehena,
Nampitombo ny fahaizako sy ho solika fitaizako
Hirariako ho lavorary, ho tahian'Ilay Nahary
Ilay Gazetiko hampiray, ny dimampolo ho avy indray…

**RAZANAKOTO**
**Soloniaina Angeline**
**Lot II N 1AF Bis**
**Ambatobe /**
**034 15 321 24**

**Fahadimy : T3 mahazo 100.000 ariary**

**25 taona**

Gasikara no niaingana tamin'ny asan-tserasera,
Ary tao no nahitana tolotsaina lany era,
Zanahary no nitahy ka tratr'ity tsingerin-taona,
Ezaka tokoa ry lahy no vita hatreto ka tsaroana,
Tao anaty taona maro : roapolo dimy amby
Io Gazetiko io fantaro : nahavita fanamby
Ka ny taona izay ho avy mbola hiroborobo hatrany,
O ! ry Tompo o ! Miangavy raha sitrakao izany !

**RANDRIANAIVO**
**Lalason Emile**
**G 47 Ankadiaivo**
**Alasora /**
**032 42 448 63**

Teo amin'ny mpamaky nitsara ireo tononkalo indray kosa , indreto ireo nahita ny tononkalo tsara indrindra. Nahafahana mandahatra azy ireo ny isa natolony teo amin'ny fanontaniana fanampiny. 191 ny mitovy safidy teo amin'ny tononkalo tsara indrindra.

**1er - RAKOTOARIMANANA Lucien (192)**
**ITL 62 B Tsarahonenana Itaosy / 034 52 303 29 , mahazo : 250.000 ariary**
**2è - RANAIVOSOLO Seheno Manitra Jerena (189)**
**III PH Ampahibe A/jaka / 034 78 303 24 , mahazo : 200.000 ariary**
**3è - RAKOTOARIMANANA Lucien (195)**
**ITL 62 B Tsarahonenana Itaosy / 034 52 303 29 , mahazo : 150.000 ariary**
**4è - RATOVOHARISON Mampionona Herizo**
**(196) TSF 248/B Antsahafohy / 034 78 303 30 , mahazo : 100.000 ariary**
**5è - RAKOTOARISOA Jean Henri (186)**
**IJG 67 Ambavahaditokana Itaosy / 034 53 931 90 , mahazo 50.000 ariary.**

Miarahaba ireo mpanoratra sy mpamaky hahazo loka isika. Tolorana fisaorana isika rehetra nandray anjara tamin'ny fifaninanana tononkalo Gazety 25 taona.

**Hatao ny zoma 28 aprily 2023 amin'ny 3 ora tolakandro ny fizarana ny loka eto amin'ny Midi Madagasikara Ankorondrano misy ny Gazetiko. Antsoina ho tonga amin'izany ka hitondra karapanondro na taratasy mahasolo izany ireo nahazo loka ireo.**

Kolikoly eny anivon'ny Fitsarana

# Efa resy lahatra ny minisitra mpiahy, midina ifotony manangona ny fitarainan'ny vahoaka

*"Antony mampirongatra io kolikoly eny anivon' ny Fitsarana io ny tsy fahafantaran'ny vahoaka ny lalàna sy ny zony, hoy ny Minisitra Randriamanantenasoa Landy Mbolatiana tamin'izany.*

Raha ny fitsarana manokana no resahina dia azo lazaina ho nanjaka tanteraka ny kolikoly, eny anivon'ny tribonaly, tao anatin'ny taona maromaro izao. Ahafahana milaza izany ny loharanombaovao avy amin'ireo sokajin' olona samihafa manandraharaha eny amin'ny fitsarana izay misy ny midoboka am-ponja amin'ny tsy rariny, satria manan-katao ohatra ny mpifanandrina aminy. Misy indray na dia nahavita heloka bevava aza dia madio toy ny oram-panala satria mahavidy mpitsara. Nanamafy izany ny fijoroana vavolombelona nataon'ireo olona nantrika ny fanombohana ny hetsika Fiara Zo teny Talata Volonondry, omaly. Nifandimby nilaza izy ireo tamin'izany, fa miseho amin'ny endrika maro ny kolikoly eny anivon'ny Fitsarana ka tokony asian' ireo tomponandraikitra mitarika ny ady amin'ny kolikoly manara-maso akaiky izany.

**Samy mifarimbona**

Nandritra ny fandraisam-pitenenany, tsikaritra ho resy lahatra amin'ny fisian'izany kolikoly eny anivon'ny Fitsarana izany ny minisitry ny Fitsarana Randriamanantenasoa Landy Mbolatiana. Dia nilaza ity farany tamin' izany fa antony mampirongatra io kolikoly eny anivon'ny Fitsarana io ny tsy fahafantaran'ny vahoaka ny lalàna sy ny zony ka antony nametrahana izao hetsika Fiara Zo izao izany. Marihana fa mandritra ity hetsika ity no hihaonana amin'ny vahoaka, hanazavana ny zo sy ny lalana tokony ho fantatry ny olona, handraisana ny hetaheta sy ny fitarainan'izy ireo. Na ny Mpitsara, na ny Mpirakidraharaha na ny Mpandraharahan'ny Fonja na ny Mpisolovava na ny Notaire dia samy mifarimbona amin'ny fanazavana ny andraikiny sy ny tsara ho fantatra avokoa ao anatin' izany. Hitohy any Anjozorobe ity hetsika Fiara Zo ity ho an'ny anio.

**Mamy R.**

Filoha Rajoelina nandray Ambasadaoro telo vaovao

# Nisongadina ny fiaraha-miasa momba ny angovo sy ny toekarena

Nisesy noraisin'ny Filoha Andry Rajoelina teny Iavoloha omaly ireo Ambasadaoro telo avy amin' ny firenena samihafa izay nanolotra ny tataratsy manendry azy ireo hiasa eto amintsika. Nisongadina tamin'ny dinika nifanaovan' ny Filoham-pirenena tamin' izy ireo nandritra izany ny fiaraha-miasa momba ny angovo sy ny toekarena. Isan'ny tonga teny an-toerana ny Masoivohon'i Italie Atoa Paolo Cuculi. Naneho ny fahavononany hanamafy ny fiaraha-miasa amin'i Madagasikara ny firenena Italiana eo amin'ny sehatry ny famokarana angovo azo havaozina, indrindra ao anatin'ny fampiharan'i Italie ny « plan Mattei » miaraka amin'ireo firenena Afrikana. Ho an'ny Fanjakan'i Norvege dia Atoa Gjermund Seather no Ambasadaoro vaovaon' izy ireo hiasa eto Madagasikara. Notsahivina tamin'izany fa efa mihoatra ny 150 taona izao no nisian'ny fifandraisana teo amin'i Madagasikara sy i Norvège, izay niorina tamin'ny fidiran'ireo misionera kristianina teto amintsika. Nivohitra tamin'ny fihaonana fa hamafisina ny fifandraisana ara-diplômatika eo amin'ny firenena roa tonta. Anisan'ny mpiara-miombona antoka amin'i Madagasikara amin'ny ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo i Norvège, indrindra eo amin'ny lafiny fambolena mifanaraka amin' ny toe-tany. Eo ihany koa ny fiaraha-miasa izay efa misy eo amin'ny sehatry ny fanabeazana, ny ady amin'ny herisetra mifototra amin'ny mahalahy sy ny mahavavy, ny fahasalamana, ny famokarana angovo azo havaozina toy ny tetikasa fanamboarana tobim-pamokarana herinaratra « hydroélectrique » ao Volobe. Namarana ny fandraisana Ambasadaoro teny Iavoloha ny fanoloran'ny Masoivoho vaovaon'ny Fanjakan'i Espagne Atoa Raimundo Robredo Rubio tamin'ny Filoham-pirenena ny taratasy manendry azy. Hifantoka amin'ny lafiny toe-karena ny fiaraha-miasan'ny firenena roa tonta. Tafiditra ao anatin'izany ny resaka jono, sy ny fizahantany, ary ny fiarovana ny tontolo iainana.



**Ny Masoivoho vaovaon'i Espagne noraisin'ny Filoha teny Iavoloha.**

**JUDD**

Fanalavana ny fitanana am-ponja an'i Ninie Donia

# Fanapahan-kevitra pôlitika fa tsy an'ny fitsarana, hoy i Joseph Yoland

Nahazoana fanehoan-kevitra maro avy amin'ny mpanao pôlitika, eny fa na ny olompirenena tsotra aza ny didy navoakan'ny fitsarana, nanasazy 18 volana am-ponja, sazy mihatra an'i Ninie Donia, fantatra amin'ny anarana hoe Bezara Eliane, nivoaka tamin'ny 25 aprily lasa teo. Tsiahivina fa raharaha fanaratsirana manam-pahefana, mahakasika tany any Nosy-Be no nisamborana sy nitazonana am-ponja azy, 11 volana lasa izao ary io nivoaka io ny didim-pitsarana. Ny dikany, mbola mamita sazy 7 volana any am-ponja izany io artista io. Anisan'ny mpanao pôlitika naneho hevitra ny loholona teo aloha, Joseph Yoland izay sady zanak'iny faritra avaratry ny Nosy iny, nandritra ny valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety, notanterahan'ny antoko Matsilo, teny amin'ny 67 Ha, omaly. Nivantana no nilazan'io mpanao pôlitika io fa fanapahan-kevitra pôlirtika fa tsy an'ny fitsarana iny didy nivoaka iny. Novantaniny fa nisy baiko pôlitika nidina tao ambadika. « Olom-pirenena miaro ny taniny ve no ampidirina am-ponja », hoy ihany ny fanamarihan'i Joseph Yoland, mialoha ny nanaovany fanambarana fa mikononkonona hitarika ny vahoakan any an-toerana hidina andalambe ny antoko misy azy, hanoherana ny jadona sy ny tsy rariny ataon'ny mpitondra.

**Miendrika fanavakavahana !**

Marihina fa ankoatra io mpanao pôlitika io dia nisy ihany koa ny zanak'iny faritra avatratra iny naneho hevitra, manome tsiny ny antoko TIM ho tsy nandrenesam-peo niaro an'i Ninie Donia, na nandritra ireny fotoana nisamborana sy nampidirana azy amponja ireny na taorian'io didim-pitsarana marihina eo ambony io. Tsiahivin'ny fanehoan-kevitra anefa fa nijoro taorian'ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana hatrany i Ninie Donia, nandritra ireny antsojay samihafa nihatra taminy manokana ireny. Nisy mihitsy aza ny nanao fampitahana fa haingana ny fanehoan-kevitra fiarovana sy fanoherana, rehefa misy olon'io antoko io voasambotra na nampidirina am-ponja. Amin'izy ireo dia endrika fanavakavahana no nandikany ny fihetsika toy izany. Andrasana izany ny ho tohin' io raharaha io. Andrasana ihany koa na ho tanteraka na tsia ny famoriam-bahoaka kasain'ny antoko Matsilo hatao any Nosy Be, hanoherana ny fanalavana ny fitazonana am-ponja an'i Bezara Eliane.

**V.R.**

## Marina izany !

### Hojerem-potsiny ve !

**Mitombo andro aman'alina ny faritra sokajiana ho mena, eto an-drenivohitra sy ny manodidina, noho izy ireo matetika isehon'ny asan-jiolahy toy ny fanendahana sy sinto-mahery ary famoanoan'olona, amin'ny alalan'ny fitaovana maranitra na basy mihitsy. Voakasik'izany ohatra ny eny amin'ny 67Ha ; Ambodinisotry ; Amfefiloha Cité ; Analakely ; Antaninarenina; Ambohijatovo; Ambatonakanga; Mahamasina; Andravoahangy ; Ankorondrano... Ankoatra ireo jiolahy efa mpanao io asa ratsy io dia ny ny vokatry ny fanadihadiana natao no nahafantarana fa ny sasantsasany amin'ireo tsy manankialofana, matory amin'ireny trano selofanina amorondalana ireny no manendaka, raha vao manomboka maizina ny andro. Voalaza fa miandahy miambavy izy ireny manao izany asan-jiolahy izany ary tsy anavahana taona, eny hatramin'ny zaza mihitsy aza. Ny mampametrapanontaniana anefa dia toa tsy andrenesam-peo hatreto ny minisitera nomena andraikitra manokana hiahy ny mponina. Ny fahavononana handray andraikitra ve no tsy misy? sa ny hoenti-manana? Hojerem-potsiny ve izany ny fahapotehan'ny fiarahamonina Malagasy izay tsy mitsahatry ny miharatsy andro aman'alina. Ary ny tena mahonena dia ny ankizy sy ny tanora no lasibatra, noho ny ho avin'izy ireo manjavozavo, mba tsy hilazana hoe maizina. Tsy mahagaga anefa ny antony satria ny fanabeazana tsizarizary; ny fialam-boly ho an'ny tanora tsy ampy. Tsy resahina intsony ny tsy fisian'ny asa. Vokany, mivarilavo eny amin'ny zava-pisotro misy alikôla sy ny fifohana zava-mahadomelina ny ankamaroan'ny olom-pirenena. Marina fa manao ezaka isambotra ireny jiolahy ireny ny mpitandro filaminana, saingy tsy ampy izany matoa mbola ny teo ihany no teo !**

Voahangy Rakotozafy

Fandraràna ny fivoriana sy hetsika politika

# "Manitsakitsaka ny Lalàmpanorenana", hoy ny MMM




**Hentitra manoloana ny tsy fanarahan-dalàna ireo birao politikan'ny antoko MMM.**

Mitohy hatrany ny fanoherana ny fanapahan-kevitry ny minisiteran'ny Atitany momba ny fandràrana ny fanaovana hetsika politika ankalamanjana. Isan'ny nanao izany ny antoko Malagasy Miaira-Mianga (MMM) ary nilaza tamin'ny fanambarana nataon'izy ireo ny alatsinainy teo teny Ankerana fa « *manitsakitsaka ny Lalàmpanorenana sy ny fanambarana iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona ny fanapahankevitra noraisin'ny fanjakana* ». Raha tsiahvina, dia isan'ny nihatra mivantana tamin'ny antoko tarihan'Atoa Hajo Andrianainarivelo ity fanapahan-kevitry ny minisiteran'ny Atitany ity, izay nanakana ny hetsika saika hataon'izy ireo tao amin'ny kaominina Imito, distrikan'i Fandriana. Eo anatrehan' izany, dia niantso ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana na HCC ny antoko MMM hijery akaiky ity fanapahankevitry ny minisitera ity noho izy io tsy mifanaraka amin'ny lalàna fototra. Namafisin'izy ireo fa tokony halefan'ny fitsarana miady amin'ny fanjakana any Fianarantsoa any amin'ny HCC ny fitorian'izy ireo hahafahany mitsara fa tsy mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana io fepetra, noraisin'ny minisitera io.

**Mamela malalaka**

Hentitra ny Me Rakotomalala Rija izay mpikambana ao anatin'ny birao politikan'ity antoko ity fa mariky ny fihemorana amin'ny fampiharana ny fitsinjaram-pahefana ny fisian'izany. « *Manitsakitsaka ny fanapahan-kevitra eny ifotony ny fahefana mivangongo ao amin'ny fanjakana foibe* », hoy izy. Notsiahivin'ny MMM fa mamela malalaka ny Filohan' ny Repoblika ankehitriny, mbola mpifaninana ny taona 2018 hikarakara hetsika an-kalalahana sy hitety faritra mialoha ny prôpagandy ireo lalàna manan-kery, tsy manavaka vanim-potoana mialoha sy mandritra ny fifidianana.

**JUDD**

Efa misy maty mosary any Namorona

# Mihalalina ny fahantrana, vaky vava ny Banky iraisam-pirenena

*Fa inona no mampahantra antsika toy izao nefa manankarena i Madagasikara ?*

Fantatra fa efa misy ny olona maty mosary amin'izao fotoana izao any Namorona faritra Fitovinany iny. Mihalalina ny fahantrana eto amintsika, ary vaky vava mihitsy ny Banky iraisam-pirenena, araka ny fanambarana nataony an-gazety. Tafakatra 75 isan-jato mahery ny tahan'ny fahantrana ny taona 2022 raha 72 isan-jato izany ny taona 2012, araka ny tarehimarika nomeny. Toe-javatra mampalahelo maneho indrindra ity fahantrana lalina ity ny tranga niseho tao Namorona amin'iny faritra Namorona iny, izay tantaraina amin'ny antsipiriany ato amin'ny Gazetiko ao amin'pejy faha-11. Fa inona no mampahantra antsika toy izao nefa manankarena i Madagasikara ? Fanontaniana napetraky ny Banky iraisam-pirenena io. Santionany amin'ireo harena ireo ny karazana zavaboahary tokana eran-tany ananantsika, ny ala mikitroka, ny tany azo ambolena sady mamokatra, ny morontsiraka anisan'ny lava aty Afrika. Misy ireo antonanton-javatra notanisainy mahatonga io fahantrana mihalalina io, toy ny loza voajanahary ateraky ny rivodoza, ireo krizy pôlitika miverimberina. Fa anisan'ny voateny koa ny lafiny fitantanana.

Tokony mahakasika ny fahantran'ny mponina izay sady marefo eto amintsika no hifantohan'ny adihevitra raha tiana ny handroso sy handresy ny fahantrana eto Madagasikara, hoy ny sosonkevitry ny Banky iraisam-pirenena. Midika ve izany fa variana any amin'ny zavatra hafa na any amin'ny adihevitra tsy mitondra mankaiza isika Malagasy ? Afaka volana vitsivitsy na maromaro dia hiatrika fifidianana filohan' ny Repoblika ny eto amintsika. Hirona mankaiza ny adihevitra? Hitondra mankany amin'ny famahana io olan'ny fahantrana io ve, sa fihazakazahana haka fahefana na seza toy ny fahita mahazatra fotsiny? **L.R.**

Famatsiana solika mavesatra

# Nanao antso tolo-bidy iraisam-pirenena ny JIRAMA



**Vola mitentina 441 miliara Ariary no efa nampindramin'ny fanjakana ny JIRAMA. (Tahirin-tsary)**

Mandalo fahasahiranana ny JIRAMA. Nanao antso tolo-bidy iraisam-pirenena ho famatsiana solika mavesatra amin'ireo tobim-pamokarany herinaratra indray ity orinasa ity. Marihina vao tamin'ny herinandro no nilaza ho manana olana noho ny tsy fahampian'ny solika ny JIRAMA. Noho io antony io indrindra no namerenana ny fahatapahan-jiro mihodina na ny delestazy amin'ny antoandro, izay maharitra eo amin'ny ora roa isaky ny faritra voakasika. Teo koa ny filazany amin'ny firosoana amin'ny fanapahana ny herinaratra ho an'ireo mpanjifa na orinasa tsy nahaloa trosa. Ary vao nambaran'ny Minisitry ny fitantanam-bola sy ny toekarena omaly fa vola mitentina 441 miliara Ariary no efa nampindramin'ny fanjakana an'ny JIRAMA tao anatin'ny telovolana voalohany tamin'ity taona ity, izay nentina nameranana ny trosan'ireo mpamatsy solika. Tsiahivina fa efa niroso tamin'ity fanaovana antso tolo-bidy iraisam-pirenena ity koa ny JIRAMA tamin'ny taon-dasa, izay nentina nitadiavana solika amin'ny vidiny mora. Efa nisy mihitsy aza ny fanagiazana kaompanian-tsolika nataon'ny fanjakana, izay nentina namahana ny tsy fahampian-tsolika teo anivon'ity orinasa ity.

**R. Muray**

Marc Ravalomanana

# "Tsy mahavidy sakafo intsony ny Malagasy, maika ny fametrahana ny fanapariaham-pahefana"

Mitohy ny fitetezam-paritra ataon'ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana any amin'iny faritra Avaratry ny Nosy iny. Taorian'ny tany amin'ny faritra Sava ny faran'ny herinandro teo dia namory vahoaka tany Ambanja indray ity laharana voalohany eo anivon'ny antoko TIM ity, omaly. Toy ny tany amin'ireo toerana marobe efa nalehany dia nifanitsa-kitro ihany koa ny vahoaka nanatrika ity hetsika nataony tany Ambanja ity. Nandritra ny fandraisam-pitenenany, vaky vava Ing. Marc Ravalomanana fa sarotra ny fiainana eto Madagasikara amin'izao fotoana izao ary tsy mahavidy sakafo intsony ny ankamaroan'ny Malagasy. Eo anatrehan'izany, miheritreritra ity filohan'ny antoko TIM ity fa isan'ny vahaona hivoahana amin'izao fahantrana izao ny fametrahana ny fanapariaham-pahefana tena izy.



**Nijery ifotony ny zava-misy iainan'ny vahoakan'Ambanja ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana, omaly.**

**Faritra 22**

*« Ilaina ny famonjena aingana dia aingana ny firenentsika. Marary ny firenena malagasy, tsy misy ny vola. Dia hoy aho aminareo hoe mba hamahana izany olana izany dia tsy maintsy hatao izay hapatanjaka ny faritra tsirairay avy. Izany ilay antsointsika hoe fanapariaham-pahefana tena izy. Ny dikan'izany dia fandefasana ny fahefana aty ifotony miaraka amin'ny vahoaka fa tsy avela hivangongo any Antananarivo ao fotsiny ny fahefana. Efa natombokantsika tamin'ny fanafoanana ny faritany sy fananganana ireo faritra 22 izany nandritra ny fotoana nitondrako. Indrisy fa tsy nitohy izany rehefa niala teo amin'ny fitondrana aho ka voatery tsy maintsy miandry ny fanapahan-kevitra avy any Antananarivo ianareo. Tsy mety sady mampahantra izany »*, hoy Ing. Marc Ravalomanana tamin'izany.

**Haka fahefana**

Etsy andanin'izany, nanamarika ity filohan'ny antoko TIM ity fa tsy misy afa-tsy ny fakana ny fahefana amin'ny alalan'ny fifidianana ihany no hahafahana mamaha ireo olana samihafa misy eto amin'ny firenena ireo. Araka izany, nanentana ny olompirenena samy hiomana amin'izany ny tenany ka samy havitrika hanamarina sy hanorana ny anarany ao anaty lisi-pifidianana avokoa.

**Mamy R.**

Mihava Tour

# Any Mahajanga amin'ny 29 sy 30 aprily ho avy izao

Taorian'ny tany Sambava, niresahan'ny depiote Siteny Randrianasoloniako ny olan' ireo mpisehayta amin'ny lavanila dia any amin'iny faritr'i Sofia iny indray no hotohizana ny fitsidihana, ao anatin'ny « Mihava Tour ». Ny 29 sy 30 aprily ho avy izao, araka ny vaovao mari-pototra no ho any an-toerana ny depiote Siteny Randrianasoloniaiko sy ireo olom-boafidy sy mpanao pôlitika miaraka aminy. Ny zava-misy any an-toerana, andro vitsivitsy mialoha io daty io, asa fifandrifian-javatra ve ? nahazoam-baovao mari-pototra ihany koa mantsy fa maro ny mpitandro filaminana no mivezivezy eny an-dalambe, manara-maso ny filaminana. Ny ankamaroan'ny vahoaka any an-toeraa rahateo voalaza fa somebiseby sy sasamiandry ny fandalovan'ny ekipan'ny « Mihava Tour ». Ny fanontaniana manitikitika ny saina manoloana izany dia ny hoe : Afaka hamory vahoaka an-kalalahana, amin'ny toerana mifefy ve ny depiote Siteny Randrianasoloniaiko sy ny ekipany sa ho voaelingelina ? Tsiahivina fa ny tany Sambava dia nesorina tamin'ny toerany ny kehiben'ny distrika, taorian' ny « mihava Tour » izay efa nanaovan'ny solombavambahoaka Siteny Randrianasoloniaiko fanehoan-kevitra fa tsy azo ekena raha toa ka misy ifandraisany amin'ny resaka pôlitika.

**V.R.**

JIRAMA

JIro sy RAno MAlagasy

**FAMPAHAFANTARANA**

Indro ampahafantarina ny mpanjifa ireo "codes d'Agences" vaovao sy ny masoivoho mifanaraka amin'izany.

Tsy miova ny "référence client" sy ny "tournée" fa ireo tarehimarika telo voalohany (codes d'Agences) no miova mifanaraka amin'ny masoivoho misy anao (Jereo amin'ny ankavian'ny takelaka)

- Tarehimarika miloko manga= tournée teo aloha
- Tarehimarika vonimboasary = tournée vaovao

Marihina ihany koa fa ho hita ao amin'ny faktiora volana Aprily ny "code d'Agence" vaovao mifanaraka amin'ny masoivoho misy anao.

**COMMUNIQUE**

Voici les nouveaux codes et les Agences correspondantes, à l'intention de nos clients.

La référence client et la tournée restent inchangées mais les trois premiers chiffres (code d'Agence) changent selon votre Agence d'affiliation (voir à gauche de l'affiche).

- Nombres en bleu : Ancienne tournée
- Nombres en Orange : Nouvelle tournée

Notez également que le nouveau code d'Agence, correspondant à votre Agence d'affiliation sera inséré dans votre facture de ce mois d'avril.

G-CL 484/7-7

Rugby - Ligim-paritra nanao AGE

# Hotorian'ny federasiona any amin'ny Iraisam-pirenena

*Tafiditra anatin'ny komity mpanatanteraka ny Rugby Afrika ingahy Marcel Rakotomalala.*

Tsy ara-dalana ny fivoriambe notanterahan'ireo ligim-paritra tamin'ny herinandro lasa teo. Io no nambaran'ny mpitantana ny Malagasy Rugby omaly tetsy Ankorondrano. Nohamafisin-dRakotomalala Marcel, araka ny lahatsoratra faha- 24, tsy anjaran'ny ligy no mampiantso fivoriambe tsy ara-potoana. Manan-jo hangataka izany izy ireo saingy mila mahafeno ny 1/3. Aorian'izay, ny komity mpanatanteraka sy ny filohan'ny federasiona no mamolavolavola ny lahadinika hodinihana mandritra ny fivoriana. Nambaran'ity filoha ity, fa feno hosoka sy fangalarana sy fisandohana andraikitra nitranga nataon'izy ireny, ny logo sy anarana natao tamin' izany dia tsy nahazoana alalana avokoa saingy tsy narahan'izy ireto. Efa nisy ny « codis » natrehan'ireto filohan'ny ligy ireto saingy mbola ninia nandika izany izy ireo, ka hampiharina ny sazy manala azy tsy anatin'ny tontolon'ny baolina lavalava intsony. Ankoatra izay, araka ny lalana eo anivon'ny « mouvements sportifs », afaka mitory azy ireto eny anivon'ny KOM sy CIO ny Malagasy Rugby. Miantso ny eo anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena ihany koa, handray ny andraikitra tandrify azy ny Malagasy Rugby, satria manakorontana ity tontolo ity izao tranga izao. Manodidina ity federasiona ity hatrany, hampiantrano ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika ho an'ny baolim-behivavy lalaovina olona 15 isika amin'io. Hikatona manomboka amin' ny herinandro ambony iny ny kianja Makis Andohatapenaka, noho ireo fanamboarana maro hatao eny. Ny federasiona irery hatreto no mandray an-tanana amin'ny fikarakarana izany, izay hanaovan'izy ireo antso hatrany ny fitondram-panjakana satria dia voninahimpirenena no arovana eto. Efa misy kosa ny fiaraha-miasa iarahana amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, amin'ny kianja hanohizana ny fifaninanana XXL Top20.



**Tsy hanaiky mora ny fandikan-dalàna nataon'ireo ligy ny mpitantana ny Malagasy Rugby ireto.**

**Rabenaivo**

Kitra - "Ecole en football"

# Hatao amin'ny alahady 6 may ny andiany faha-2




**Ireto tomponandraikitra sy mpitsara ny andiany faharoa an'ity hetsika ity.**

Hotanterahana amin'ny 6 may ho avy izao etsy amin'ny kianja synthétique Andohalo, ny fifaninanana « Ecole en football » andiany faharoa. Nitombo ho 12 no isan'ny sekoly haandray anjara raha 10 teo aloha. Tsiahivina, fifaninanana natokana ho an'ny liseam-panjakana sy ny tsy miankina izany, ka ireo mpianatra anelanelan'ny 16 hatramin'ny 18 taona no afaka mandray anjara. Sekoly tsy miankina telo no hifaninana miaraka amin'ireo lisea miankina amin'ny fanjakana miisa 9. Isan'ny handray anjara amin'izany ny La Pepitte dor, Aceem, lisea Ambohimanarina, Ankadikely Ilafy, Ampanefy, LTC, Andohalo, Rabearivelo sy ny maro hafa… Baolina kitra lalaovin'olona 7 no hatao, ka vitaina anatin'ny iray andro. Lalao famaranana avy hatrany kosa ny an'ny vehivavy, hifanandrinan'ny Rabearivelo sy LTC Ampefiloha. Matihanina avokoa ny mpitsara ny lalao, efa nisy ihany koa ny fiaraha-miasa amin'ny sekoly amin,'ny resaka taonan'ny mpilalao satria sady fanabeazana no lalao no hatao. Miaramiasa sy manohana ny mpikarakara ny Cisco Tana Renivohitra sy ny Ligin'Analamanga. Nambaran-dRamatoa Ratsimbazafy Yvette mpikarakara fa ankoatra ny amboara sy medaly, omena vola 2 hetsy ar ny tompondaka.

**Rabenaivo**

Basket - Mondial / Fiofanana

# Notoloran'ny Filohan'ny CSM mivady tenisy hanaovana fanazarantena ny Ankoay

Mitondra ny anjara birikiny amin'ny fanohanana ny ekipam-pirenena Ankoay, miatrika fanomanantena any Frantsa amin'izao fotoana izao, ny Filohan'ny CSM mivady Atoa / Rtoa Vony sy Eva Rakotondrainibako. Kiraro hanaovana fanazarantena no natolony an'ireo maherifontsika, izay hiaro ny voninahi-pirenena amin'ny fiadiana ny "Mondial U19", any Debrecen (Hongria) amin'ny sabotsy 24 jona 2023 ka hatramin'ny alahady 02 jolay 2023. Nohararaotin'izy ireo tao anatin'ny fitsidihina nataony ny fanomezana herin-tsaina sy fankaherezana ny mpilalao. Tao anatin'ny hafaliana tanteraka tokoa no nandraisan'i Lovasoa Ny Aina Anderson Andriatsarafara, kapitenin'ny Ankoay, an'ireo fitaovana ara-panatanjahantena. Natrehin'i Jimmy, solontenan'ny federasionina sy lehiben'ny delegasionina nandeha any an-toerana, ary Atoa Amad Tombovelo Achiraf, miandraikitra ny FMBB any ivelany no sady Filohan'ny klioban'ny JAP MADA, mandray ny Ankoay any Rennes, ny fanolorana ny fitaovana. Heverina fa hampiakatra ny hambom-po sy ny toe-tsain'ny mpilalao izao fanomezana azony izao, entiny miatrika ny fiadiana ny tompondaka eran-tany. Ho setrin'ny zavatra nataony dia notoloran'ny FMBB fanamiana misy marika Ankoay ihany koa Rakotondrainibako mivady



**Ilaina ny fanomanana ara-tsaina ny mpilalao tahaka izao !**

**Ho any Israel**

Ankoatra an'izany dia hanainga amin'ny talata 02 mey 2023 ho any Israel ny ekipam-pirenena Ankoay vehivavy, hiatrika ny lalao fifanintsanana amin'ny fahazoana ny tapakila hiatrehana ny tompondaka eran-tany "FIBA 3x3". Mialoha ny hialan-dry Prisca Razananirina sy ny mpilalaony eto an-tanindrazana, dia miatrika fanazarantena tsy miato, marain-tsy hariva, mandritra ny enina andro, nanomboka omaly, ry Sydonie Marie Erica Andriamihajanirina sy Muriel Harisoa Hajanirina ary Christiane Minaoharisoa Jaofera sy Rondro Emeranchine Raherimanana, eny amin'ny lapan'ny fanatanjahantena sy kolotsaina Mahamasina. Marihina fa miantrano ao amin'ny hotely Radisson BLU Ambodivona ny Ankoay vavy mandrapandehanany.

**aris rafaly**

Tolona - "Madagascar Wrestling Megaweek 2023"

# Manam-pahaizana manokana vahiny 4 mirahalahy no mampiofana eto



**Ireo mpiofana miaraka amin'ny mpampiofana sy ny avy amin'ny federasiona ary ny solontenan'ny KOM.**

Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy omaly tetsy amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena Mahamasina, ilay hetsika "Madagascar Wrestling Megaweek 2023". Manam-pahaizana manokana vahiny 4 mirahalahy no mizara ny traikefany, izay nanomboka tamin'ny 20 avrily teo ka hifarana amin'ny 30 avrily. Vahiny ngezabe tokoa izy ireto, tarihan'i Vincent AKA, Charles Villet, Frédéric Rubiot sy Didier Sauvaire, izay filohan'ny fikambanan'ny federasiona frankofonia. Miisa 75 ireo mpiofana, ka ny 25 mpitsara, 25 mpanazatra ary ny 25 ambiny dia ire atleta. Nambaran'ny filohan'ny federasiona, Raveloson Mamitiana, hifampizara traikefa no tena anton'izao fampiofanana izao, ankoatra izay, hanomana ny Lalaon'ny Nosy sy ireo fifaninanana iraisam-pirenena maro atsy ho atsy, toy ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika any Tonizia, ny fifanitsanana hiakarana amin'ny Lalao Olympika 2024. Eo ihany koa ny fanomezana ny zavabaovao eo amin'ny lafin'ny teknika, izay mivoatra be amin'izao. Olona samy manana ny fahaiza-manao mampiavaka azy ireto vahiny ireto, hoy hatrany ny filohan'ny federasiona, izay hisy ny fizarana « certificat » nosoniavin'ny filohan'ny federasiona Iraisam-pirenena amin'ny fiafaran'ny fiofanana. Raha ny fantatra, medaly 22 no hiadivana amin'ny Lalaon'ny Nosy, efa tamin'ny febroary 2022 no nanomboka nanomana izany ny teo anivon'ny federasiona.

**Rabenaivo**

Kung Fu Wisa

# Hampifoha ny Malagasy hahazo fahasoavana Maitre Mickael

Hisy ny famelabelarankevitra hataon'ny Maitre Mickael, maitre Kung fu Wisa, ny alahady ho avy izao, ao amin'ny Dojo Aska. Tanjona ny hampifoha ny gasy rehetra ka hahazoan'ny tsirairay fahasoavana. Manam-pahaizana amin'ny resaka aratsaina, nivoaka tao amin'ny Oniversite Clermont Auvergne, ity Maitre ity. Tsy tototohondry sy daka fotsiny ny Kung fu Wisa fa ny ara-panahy indrindra (meditation). Lohahevitra hovelabelariny arakaizany, ny foto-pisainana Wisa na ny "Psychologie" sy ny Wisa. Hohazavaina ao fa hahazoana tombontsoa amin' ny lafiny rehetra ny Kung fu Wisa. Eo ihany koa mahakasika ny atidohan'ny olombelona, ny firafitra, ny mahatonga ny fahasoavana na tsia eo amin'ny fiainana, ny hoe nahoana no hoe miainga amin'ny saina ny zavatra rehetra,....ny fiavian'ny nofy sy ny hevitr'izany. Nohamafisin' ny Maitre Mickael fa manome filaminan-tsaina ny kung fu Wisa. Manasa ireo rehetra liana ny amin'izany ho avy ny tenany mandritra izany.



**Manam-pahaizana amin'ny resaka ara-tsaina Maitre Mickael.**

**Rabenaivo**

Namorona faritra Fitovinany

# Resin'ny fahantrana lalina ny mponina, maro ny maty mosary

*Voa mafy ity tanàna kely amoron-drano ity noho ny hetraketraky ny rivodoza nisesy teo, ny tsy fisian'ny asa, ny haratsian'ny lalana, ny tsy fandriampahalemana ...sns.*



Ireo fianakaviana maty zanaka 5 nihinana Veoveo.

Mbola tsy nisy fahantrana mafy tahaka izao, fa nanomboka ny taona 2017 ny mankaty no resin'ny fahasahiranana ny Kaominina Namorona, disitrika Manakara ao anatin' ny faritra Fitovinany. Tsiahivina fa ny kaominin' i Namorona dia tao anatin'ny faritra Vatovavy teo aloha saingy rehefa nisy ny fizaramparitra dia faritra Fitovinany indray izy ankehitriny. Voa mafy ity tanàna kely amoron-drano ity noho ny hetraketraky ny loza voajanahary. Nisesy loatra ilay rivodoza Batsirai sy Freddy teo iny ka nitarika fahantrana ho an'ny olona. Manginy fotsiny ny tsy fisian'ny asa, ny haratsian'ny lalana, ny tsy fandriampahalemana…sns. Maro ny maty mosary vokatr'izany, ary vao tapa-bolana monja izay no namoizana zaza 5 tao Anarimbositra Fokontany Manotro kaominina Namorona. Zanaky ny fianakaviana iray ihany ireo zaza ireo. Rehefa nidina tany ifotony izahay mpanao gazety dia nihaona tamin'ny ray amandrenin'ireo ankizy ireo ary teo no nahalalana fa tokantrano anisan'ny sahirana mafy no nisy io loza io. Tao anatin'ny antsasa-kadiny monja izy 5 mianadahy kely ireo no lavon'ilay zava-maniry nisy poizina izay nohaniny natao-n'izy ireo sakafo antoandro. Telo andro nihinana io veoveo io ity tokantrano ity. Tamin'ny voalohany aloha toa tsy salama ihany, nihinana indray ampitson'iny toa tsy naninona akory saingy ny fahatelo andro nihinana no niteradoza. Nalemilemy ny zaza ary ny olon-dehibe narary andoha mafy. Ny sasany nandoa sy nivoaka zavatra nandroatra be ny vava. Tsy ampy ora iray akory dia maty ny zaza. Ny sasany tsy tody tany an-trano akory fa tapitra aina tao an-damosina, ny sasany any anaty bozaka no mitsipak'aina. Ireo zaza namoy ny ainy ireo dia Bilia (12 taona), Cyrino, (7 taona), Lynoh (3 taona) ary Estinoh 1 taona sy Celedos (3 taona). Fa ankotran'ireo 5 dia nisy 7 ihany koa narary notsaboina tany amin'ny hopitaly nihinana ilay zava-maniry antsoina hoe veoveo io.

### Mafy ny fiainana

« *Maro ny maty mosary aty ary nahita maso izany ireo fotondram-panjakana nidina taty aminay tamin'ny herinandro teo. Nisy olona maromaro no torana teo am-piandrasana azy ireo nizara sakafo tamin'ny mponina. Resin'ny fahantrana izahay aty ary tena noana ny vahoaka satria tsy misy afatsy vody via sy veoveo ny hanina. Izany ny zava-misy ato amin'ny kaominina Namorona, tsy misy ny zavatra hameloman-tena. Betsaka ny tany azo ambolena fa ny fambolena mihitsy no tsy manjary. Izahay dia miasa mafy mifofotra fa ny fambolena tsy manjary ka lasa mihinankinam-poana ny mponina. Ny vary eny antsaha misy mangalatra ary efa sarotra ny fiainana aty* » : hoy ny renim-pianakaviana iray anisan'ireo nisolo tena ny vahoaka hianjadian'ny tsifanjariantsakafo lalina ao Namorona. « *Ho ahy manokana dia matetika mandry fotsy , tsy misy hohanina . Ny rary no mba asa kely hitadiavana vola fa 1000 ariary ihany no sahin'ny mpanjifa izany ary izay vola azo eo no hividianana vary kapoaka iray. Tsy misy ny fitsaboana rehefa marary fa na ny vola hitondrana ny marary any amin'ny dokotera ary tsy hita. Tsy misy zava-banona ny fivelomana , ny zaza tsy mianatra intsony satria tena sahirana mafy izahay. Tamin'ny rivodoza nandalo teo no tena nahavoa mafy anay. Nianjera avokoa ny mba fivelomana kely toy ny « fruit à pain » ny jirofo tapatapaka avokoa* » : hoy ihany koa ny renim-pianakaviana iray manonontena, namoy fianakaviana noho ny mosary tao Namorona.


### Ben'ny tanàna

Miandrandra fanampiana maharitra ny vahoakan'i Namorona. Marihina fa tsy izy dimy mianadahy voalaza etsy ambony na io tokantrano io ihany no nisy namoy ny ainy fa amin'ny ankapabeny dia betsaka ny sahirana any an-toerana. Ringana ny fambolena, ny jirofo, mangahazo, vomanga,vary ka io no niteraka ny fahasahiranan' ny vahoaka. Ny zavatra fihinana misy poizina nohanin' ny olona ka nahafaty zaza io dia matetika ireo efa tsy manan-kohanina intsony no mihinana azy io na ilay tena farahidiny tsy mahita harapaka intsony. Tsy ireny olona ireny ihany no maty fa ny ankamaroan'ny mponina voa mafy avokoa. Ho an'ny kaominina Namorona manokana dia tokantrano 8 136 no monina ao ka ny fambolena no tena fivelomana. Ny fiantrainkan'izay eo amin'ny vahoaka dia ny tsy fandriampahalemana ka na dia zavatra kely ambolen'ny olona dia angalarin'ny sasany. Lasa miraviravy tanana ny mponina vokatr'izany ary ny fahatelo dia ny fahafatesana. Araka ny tatitra voarainay dia misy ny maty mosary. Tsy misakafo ao anatin'ny 5 andro na enina andro ny olona amin'ny tokantrano maro. " *Tonga nanampy taty ny « BNGRC » tamin'ny herinandro lasa teo nitondra entana 16 taonina. Tamin'ny fizarana izany dia nahita maso ireo fanjakana satria maromaro ny torana teo no ho eo. Izahay dia miandry mba hijerevan'ny fanjakana akaiky izao raharaha izao. Tsara ny mahazo fanampiana fa ny fanampiana arapambolena no ilaina. Ohatra ny masom-boly haingampaniry mba entina manomana ny ho avy. Tsy nahafapo ny vahoaka ilay fanampiana teo satria natao ho an'ny fokontany Vohitrindry fotsiny ihany iny fanampiana iny, kanefa misy fokontany 11 izahay ato Namorona. Tsy ampy tanteraka araka izany ilay vary 25 kg, menaka 1 litatra, savony, sardine, sira…sns. Ny antony dia ny vahoaka iray manontolo no tena sahirana* » : hoy Andriamatoa ben'ny tanànan' i Namorona Andriamatoa Randriamora Roger.

**Ariel D.**



Ilay zava-maniry misy poizina antsoina hoe " Veoveo ".



Tanàn'i Namorona.

Kohen Rivo Lala

# Namaly bontana an'Ing Jean Nirina



Nandritra ny fihaonan'i Kohen Rivo Lala tamin'ny mpanao gazety teny Itaosy omaly.

Izay vao tena vaky tanteraka ny ady eo amin'i Kohen Rivo Lala sy Ing Jean Nirina Rafanomezantsoa. Raha nampitandrina an'i Kohen Rivolala tsy hikitikitika na hanaratsy ny FITRAMA manko Ing Jean Nirina tamin'iny herinandro ambony iny. Namory mpanao gazety teny amin'ny toeramponenany teny Itaosy ihany koa i Kohen Rivo Lala, omaly namaly bontana ny fanambarana nataon'Ing Jean Nirina tanaty haino vaky jery, izay nosokajiany ho nisy fanalambaraka azy ihany koa. Araka izany dia samy mihevitra ny tenany ho nalaim-baraka ny andaniny sy ny ankilany. Tonga hatramin'ny fitakiana fifonana ampahibemaso amin'Ing Jean Nirina mihitsy satria "*Tokony hanao fifonana ampahibemaso izy*", hoy i Kohen Rivo Lala. Raha tsiahivina, Ing Jean Nirina no nitroatra voalohany tamin'ny fanilihan'i Kohen ny FITRAMA ho fosotra tamin'ny famoahan'ny fanjakana naoty fampatsiahiavana mikasika ny fitsaboana nentim-paharazana. Nomarihan' i Kohen Rivo Lala omaly anefa, fa tsy miady amin'ny FITRAMA ny tenany satria mpitsabo nentim-paharazana tokoa ny ao. Narangarangany kosa, fa Ing Jean Nirina no mila ady aminy sy mitady hanao "bizna" ny fitsaboana nentim-paharazana. Notsiahiviny tamin'izany ny fametraham-pialan'ity farany tsy ho Tale Jeneralin'ny FITRAMA taorian'ny naoty navoakan'ny minisiteran'ny Fahasalamana mikasika ny fitsaboana nentim-paharazana. Milaza ny tsy hanaiky ny fanalam-baraka natao taminy ihany koa araka izany i Kohen Rivolala. Ing. Jean Nirina anefa etsy ankilany efa nandrangaranga fa tsy hilefitra amin'ny fanaratsiana natao tamin'ny FITRAMA. Raha zohina dia samy sarotiny amin'ny fitsaboana nentim-paharazana izy roa lahy ireto ka samy sarotiny rehefa voakitikitika amin'ny maharary azy. Samy mizotra amin'ny lalany angamba no fanafodiny ka tsy mifampitsabatsabaka amin'izay ataony. Efa samy nitaky izany rahateo ny roa tonta ka heverina fa hifarana eto ny disadisa eo amin'ny ka samy hizotra amin'ny lalany fa tsy samy hiziriziry amin'ny heviny eo.

### Politika tsy mety amin'ny Malagasy

Fa ankoatra ny maha mpitsabo an'Ing Kohen Rivolala dia manana antoko politika CCDM (Ctic Ctac Dou de Madagascar) ihany koa ny lehilahy. Tsy nihambahamba izy nilaza, fa Politika tsy mety amin'ny Malagasy no mbola hitondrana antsika eto amin'izao. Niaiky ny tenany fa tsy lany solombavambahoaka tamin'ny firotsahany ho kandidà farany teo. Politika nentina hanaparitahana vato mba hampandaniana ny antoko TIM tao Antsirabe II no tena tanjona tamin'ireny, fa tsy nihevitra ny ho lany ny tenany, araka ny fanazavany.

**Niry R.**


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

## Sarisary zary tenany

*Io no ...*




## Hatsikana an-tsary

*Takona*




## Masoandro Miposaka

**Ezekiela 34 : 25**

Ary hanao fanekem-pihavanana aminy Aho ka hampiala ny biby masiaka tsy ho eo amin'ny tany intsony, dia handry fahizay izy na dia any an-efitra aza, sady hatory na dia any anaty ala aza.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Singam-bolo tsy mahafehy faty.**

Un seul cheveu ne peut attacher un corps.

*C'est une grande affaire que de préparer le corps pour le porter au tombeau.*

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2936

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | 3 | | | | | |
| 8 | | | | | 9 | | | 7 |
| | | 4 | | 8 | | 2 | 1 | |
| 7 | | | | | 2 | | | |
| | | 3 | 9 | 6 | | | 5 | |
| | 5 | | 7 | | | 8 | | |
| | | | | | | 9 | | |
| | 1 | | | 3 | | | 2 | 5 |
| | | | 1 | | | 6 | 3 | |

Valin'ny laharana 2935

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 8 | 9 | 7 | 6 | 5 | 2 | 3 | 1 |
| 5 | 2 | 3 | 4 | 8 | 1 | 9 | 7 | 6 |
| 7 | 1 | 6 | 3 | 2 | 9 | 4 | 5 | 8 |
| 9 | 4 | 2 | 5 | 1 | 3 | 6 | 8 | 7 |
| 8 | 6 | 5 | 2 | 9 | 7 | 3 | 1 | 4 |
| 1 | 3 | 7 | 8 | 4 | 6 | 5 | 2 | 9 |
| 3 | 7 | 1 | 9 | 5 | 4 | 8 | 6 | 2 |
| 2 | 5 | 4 | 6 | 7 | 8 | 1 | 9 | 3 |
| 6 | 9 | 8 | 1 | 3 | 2 | 7 | 4 | 5 |

EPP Ambodinanto

# Feno parasy ireo efitranon-tsekoly rehetra

Mijaly amin'ny parasy ireo mpianatra sy mpampianatra rehetra ary tomponandraikitry ny Epp Ambodinanto izay any amin'ny fokontanin'Ambodihasina, kaominina Ambanivohitr'i Tsararambana any amin'ny Faritra Analanjirofo. Tsy mifantoka amin'ny fampianarana omena azy ireo ny mpianatra noho ny ny fahasorenana noho ny parasy. Ao ireo variana mifampisava akanjo sy miondrika ambany indray mamono ny parasy aminy. Ahitana efitranon-tsekoly 4 ao amin'ity Epp ity ka vitan'ny fokonolona tamin'ny firaisankinan'ny mpiara-belona ary vita tamin'ny akora rehetra any antoerana no nanangana ny sekoly. *"Hanome simenitra ny Faritra Analanjirofo sy ny kaominina hitondra anjara biriky amin'ny fanatsarana ny sekoly ary ny fokonolona hanampy amin'ny vato sy ny fasika. Azo atao tsara ny manamboatra dallage ny gorodona. Ny tanjona dia hahazo sekoly manarapenitra ny mpianatra"*, hoy ny Dr Randriamanantena Marcellin, Governoran'ny Faritra Analanjirofo. Nanolotra hazavana ho an'ny Epp Ambodinanto ihany koa ny Governora. Fantatra fa misy mpianatra 250 ao amin'ity Epp ity ka manao antso avo amin'ny : fitondram-panjakana sy ny Minisiteran'ny fanabeazam-pirenena ny tomponandraikitry sekoly sy ireo Ray aman-dRenin'ny mpianatra, mba hijery vahaolana amin'ny fanafody parasy sy azo hanampiana ny Epp fa miaina ao fijaliana ireo kilonga madinika ao amin'ny Epp Ambodinanto.

**Heriniaina A.**

Port-Bergé

# Lanin'ny bibikely ireo voly voamaina any Port-Bergé

Simban'ny bibikely ny voly voamaina amin'ny velaran-tany 1500ha. Io velaran-tany io izao no efa potika tanteraka ny fambolena ary lasibatra amin'izany ny voly lojy. *"Mijaly sy misedra olana izahay tantsaha mpamboly voamaina fa lasa simba ny fambolena fivelomanay. Ny voly lojy no ataon'ny mpamboly marobe aty kanefa dia lasa ratsy ny vokatra, nidina ny vidiny kanefa ny voamaina no tena mampalaza anay aty. Raha manomboka amin'ny lohan'ny fambolena no misy simba dia miparitaka amin'ny vatany rehetra izany. Lafobe anefa ny vidin'ny fanafody famonoana an'io biby mpanimba voly io"*, hoy ny solontenan'ny tantsaha nampita ny vaovao. Fantatra fa 2000 Ariary izao ny kilaon'ny lojy any amin'ny Distrikan'i Port-Bergé kanefa dia 3000 Ariary ny kilao teo aloha. Kivy ny tantsaha satria tsy araka ny ezaka sy asa natao akory ny vidim-bokatra izay tena nisasarany. *" Ny mampalahelo anay amin'izao na io vidiny 2000 Ariary io ny kilao aza dia tsy misy mividy ny lojy aty aminay"*, hoy ny tantsaha izay tena kivy. Manao antso amin'ny Minisiteran'ny fambolena ireo tantsaha any Port-Bergé mba hitondra vahaolana haingana hanampy azy ireo, indrindra amin'ny fanomezana fanafody hamonoana ireo bibikely amin'ny fambolena ka tsy hiverina izao olana izao intsony.

**Heriniaina A.**

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady**
**Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél.:** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
**D.L.I.:** 16 054 - 04 - 23
**Isan'ny natonta :** 25 000

## Nahandro

### Voanjobory sy ravim-bomanga

**Zavatra ilaina** : voanjobory, ravim-bomanga, voatabia, tongolobe, tongolo gasy, sakamalao, menaka.

**Fikarakarana azy** : andrahoina halemy ny voanjobory. Rehefa akaiky ho masaka dia atao ny saosy voatabia sy tongolo dia afangaro aminy. Avela hiketrika kely. Karakaraina ny ravim-bomanga sy anamalaho. Rehefa voadio tsara dia arotsaka. Tsy avela ho masaka be fa rehefa miketrika kely dia vita. Azo atao laoka tsara. Mazotoa homana !

## MANAMPY ANAO

### PERMANENCES 22 au 28 avril 2023

**PHARMACIE DE GARDE**
**Périphérie d'ANTANANARIVO**
**24H/24H et 7j/7**

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

**A.M.I.T.**
BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

**OSTIE**
AMBOHIMANARINA TEL 23 253 78
TANJOMBATO TEL 22 464 87/22 477 61

**AMBULANCE**
- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 /033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
-AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

**HOPITAUX ET CLINIQUES**
- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMA-NANDRAIBE
- IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- LINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 22 271 47

Atleta sy ny mpilalao

# Tsy tokony hiankin-doha amin'ny fihinanana fanafody mampatanjaka sy fidorohana zava-mahadomelina

Niteraka alahelo sy resabe teo anivon'ny mpanao fanatanjahantena sy ny fiarahamonina ary ny tambajotrantserasera ny fodiamandrin'i John Mario Andrianarimanana « Big Man », atleta nitondra avo ny voninahi-pirenena teo amin'ny fifaninanana fanabokonana hozatra « Body Building », izay voalaza fa nijanona tampoka ny fony. Ny Valala misy moa ny mpilaza ihany koa mahay ! Nahoraka fa vokatry ny fihinanana fanafody mampantanjaka sy manabe nofo, fantatry ny maro amin'ny hoe « proteïne » (mbola misy hafa ankoatra azy ity) no nahafaty azy. Nampatsiahy ny fahafatesan'ilay kintan'ny baolina kitra kameroney Marc Vivien Foé, izay nitsahatra fo tampoka teny ambony kianja, izao nahafaty an'i « Big Man » izao. Ny an'ilay mpiray tanindrazana amintsika moa dia tsy teny an-tanim-piadiana no nikipian'ny masony. Ny nahafaty an'ilay mpilalao baolina kitra kameroney dia fantatra fa fitelemana zava-mahadomelina diso tafahoatra.

**Mahazo laka amin'ny vehivavy**

Anisan'ny taranja ara-panatanjahantena miroborobo fatratra eto amintsika amin' izao fotoana izao ny fanabokonana hozatra, raha tsy hitanisa fotsiny afa-tsy eto andrenivohitra ihany isika. Saika ahitana trano fikotranana avokoa ny sisin-dalambe, ary hatrany anelakelatrano any. Tsy ny lehilahy irery intsony no voasariny fa hatramin'ny vehivavy indrindra ihany koa, izay efa maro no mankafy amin'ny fanaovana an'ity taranja ara-panatanjahantena iray ity. Ankoatra ny fibatana fonjamby sy fampiasana fitaovana fanabokonana ireny, dia mbola mihinana karazam-panafody maro ihany koa ny mpikitrana, izay heveriny fa hampitombo ny heriny sy ny haben'ny vatany haingana ilaina amin'ny fanaovana fifaninanana. Toy ny fidorohana zava-mahadomelina ihany, izay ampiasain'ny mpanao fanatanjahantena sasany, dia tsy afa-miala amin'ny fihinanana an'ireny karazam-panafody ireny intsony koa ny mpanabokona hozatra fa miankin-doha tanteraka. Misy voka-dratsy amin'ny toe-pahasalamana anefa ny fanendrena azy ireny ka tokony ilam-pitandremana. Ataovy soro-baton'ilay jamba ka aleo mihilàna toy izay voa ! Marihina fa noho ny zava-bitany dia notoloran'ny fitondram-panjakana mariboninahitra " Chevalier de l'Ordre National (à titre posthume)" i Big Man, omaly, teny amin'ny lapan'ny fanatanjahantena sy kolotsaina.

**aris rafaly**

SG-n'ny minisiteran'ny Asa - "Better work"

# "Ao anatin'ny famolavolana ny fehezan-dalàna mifehy ny asa isika"



*« Ao anatin'ny famolavolana ny fehezan-dalàna mifehy ny asa izay anisan'ny antoka anankiray lehibe ho antsika eto Madagasikara isika izao. Tokony havaozina tokoa ny fehezan-dalàna mifehy ny asa, noho ny fahatsapana fa mbola tsy dia voajery loatra ny ao anatin'io fehezandalàna io »*, hoy Atoa Razafimanantsoa Jerisson, Sekretera Jeneraly ny Minisiteran'ny asa. Nambaran'ny fa niainga tamin'ny fametrahan' ny Filoham-pirenena ireo velirano fahadimy : ny fahasalamana ho an'ny rehetra. Ny velirano fahenina dia ny fampiroboroboana ny asa mendrika. Fantatra fa nanomboka ny taona 2019 no nampifandrindrana tamin'ny kolontsaina ny asa ho fiaravona ny mpiasa teto Madagasikara.

**Heriniaina A.**

## TELEFAONINA ILAINA

- MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE OXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY - TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUMTEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins
- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL
- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

CENTRE DE CONSULTATION AROVY ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

**POMPIERS**
- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

**POLICE SECOURS - GIR**
- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

**COMMISSARIATS**
- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
-3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

HUISSIERS
- MAITRE RAKOTONOMBANA BAHOLY LOT III E 39 AMPATSAKANA - TEL 034 18 690 20
- MAITRE RANDRIAMBOLOLONA DELACY LOT30 A IMERINAFOVOANY TEL 032 41 860 50/ 34 468 05

Andiam-balala

# Mirongatra izay tsy izy, velon-taraina ireo mponina

*Tsy misy fandraisan' andraikitry ny fitondram-panjakana eo anoloan'ny firongatry ny andiam-balala.*

Potika tanteraka ny fambolena any amin'ny tapany iray manontolon'ny faritra atsimon'ny Nosy iny amin'izao fotoana izao. Mirongatra izay tsy izy mantsy ny andiambalala kanefa tsy misy fandraisan'andraikitra ataon'ny fitondram-panjakana hatreto. Araka ny fanazavan'ny ben'ny tanànan'Ambatomainty, kaominina ao amin' ny distrikan'Ikalamavony Atoa Razafindralandiarison Celestin: " Mahatratra hatrany amin'ny 10 km ny halavan'ny andiam-balala ary 3 km ny velarany. Efa miakatra ny vary aloha fa ny tsipala no manomboka masaka sy miteraka amin' izao fotoana izao. Ao anaty fahasahiranana tanteraka ny vahoaka ary voatery mijanona eny an-tanimbary miandry ny fandalovan'io andiam-balala io. Tsy mbola misy fandraisan'andraikitry ny IFVM na Ivontoerana Famongorana Valala eto Madagasikara hatreto ka dia miaina amin'ny ady gasy ny olona. Mandoro mololo, mikapokapoka sy mihorakoraka mba tsy hijanonan'ny andiam-balala amin'ny toerana misy fambolena. Ankoatran'ny vokabary, mampalaza aty aminay ihany koa ny voly katsaka, voanjo, mangahazo izay simba sy potiky ny andiambalala."



**Mitondra faisana noho ny andiam-balala ny tapany atsimo iray manontolo.**

Tapa-bolana teo izay no nisy nandalo voalohany tany antoerana, ary nitohy ny alatsinainy teo izany. Mandeha miatsinanana, somary atsimo ny dian'ireo andiambalala izay be velarana be mihitsy araka ny fanazavana azo hatrany. Efa nandalo tao amin'ny kaominina Ambatomainty izay any avaratry ny Kaominina Ikalamavony ny andiam-balala, efa tany amin'ny kaominina Fitampito andrefan'ny kaominina Ambatomainty sy tao amin' ny kaominina Amboropotsy ary Mandrosonoro izay samy ao amin'ny distrikan'Ambatofinandrahana avokoa.

**IFVM**

Any amin'ny tapany atsimon' ny Nosy no nametrahana ny IFVM na Ivontoerana Famongorana Valala eto Madagasikara. Tamin'ny volana septambra 2022 no noesorina tamin'ny toerany ny Tale Jeneralin'io Ivontoerana IFVM io ary hatramin'izao tsy mbola misy ny olona nanoloana azy. Misy amin'ireo mpiasa ao amin'io toerana io mitaraina fa tsy naharay karama tao anatin'ny 5 volana ka antony iray mampalaina ireo mpiasa hanao ny asany izany. Eo anatrehan'izany, kely ny asa vita indrindra ny famendrahana ranom-panafody ireo toerana ahitana kijeja matetika sy andiam-balala.

**Nomerao maitso**

Tamin'ny alahady teo no tonga tany Betioky ny nomerao maitso izay napetraka handraisana ny fitarainan' ireo vahoaka mahita trangan' andiam-balala. Mbola latsaky ny 10 ny antso voaray ka anisan'ny nahazoana fitarainana amin'ny firongatry ny andiam-balala izany any Midongy Andrefana, Amborompotsy, Mandrosonoro, Mangataboahangy, Miandrivazo, Ikalamavony, ary Ambatomainty izay tena mirongatra tokoa. Rehefa mandray antso izahay, raisina ny anaran'ilay olona, ny fokontany sy ny kaominina ary ny distrika misy azy. Fantarina ny karazana andiam-balala, manatody ve sa karazana kijeja, ny fahavoazana nentiny nandritra ny fandalovany, nisy fahasimbana sy ny maro hafa. Aorian'izay, misy ny tatitra alefa any amin'ny Tale teknika isan'andro miaraka amin'ny aty Antananarivo. Ny tomponandraikitra indray avy eo no mandray ny fepetra raisina mikasika ny ady atao. Niezaka niantso ny Tale Teknika izahay fa milaza any ambanivohitra be ny tenany ka sy afaka mbola mamaly ny fanontanian'ny mpanao gazety.

**Hiparitaka**

Tsy hijanona any amin'ny tapany atsimon'ny Nosy sy Ikalamavony iny ny valala satria manidina izy ireo. Ny vary anefa efa manomboka masaka ka afaka 20 andro eo dia hiakatra avokoa. Nahazo aina ihany koa ny haninkotrana sy ny legioma nandritra ireny fotoana nandritra ny fotoam-pahavaratra ireny. Raha izao fahorian'ny vahoaka izao sy ny fiakaran'ny vidin'entana no mbola hiampy andiam-balala mihinana ny vokatra eny antsaha dia tena ho loza tokoa no hiseho. Somary tara ihany anefa raha izao vao andray fanapaha-kevitra satria vao bevohoka ireo valala ireo dia efa tokony niditra an-tsehatra tamin'ny famendrahana ranom-panafody. Izao efa sady be velarana no ngeza ka mirangorango ireo andiam-balala ka ho zavadoza no aterany. Azo antoka fa hitombo indray ny tahan' ny tsifanjariantsakafo eto amintsika eo anatrehan' izany rehetra izany.

Nath

Krizy ara-bola any Ivelany

# Tsy manana ahiahy ireo mpandraharaha ara-bola eto an-toerana

Namely mafy ny krizy arabola tany Etazonia sy Eorôpa tao anatin'ny volana vitsy. Nisy banky tany amin'ireto firenena ireto no banky rompitra raha tsy hilaza afatsy ny "Silicon Valley Bank" fotsiny. *"Tao anatin'ny roa taona farany dia niezaka nisandrahaka tamin'ny faritra maro manerana ny Nosy ny SMMEC. Matoa izahay mbola afaka niroso tamin'io fanitarana io dia mbola tsy mipetraka aloha ny olana amin'ny mety ho fiantraikan' ny krizy ara-bola any Ivelany eto amintsika. Hita ho nitombo aza ny filàn'ny mpanjifa famatsiam-bola, izay nahatratra avo dimy heny mihitsy nanomboka tamin'ity taona ity nitaha ny zava-nisy tamin' ny taona tany aloha raha ny vinavina natao. Ny antony dia efa tonga ny fotoana hamerenana amin'ny laoniny ny seha-pihariana taorian'ny krizy nandalo teto amin'ny firenena toy ny "Covid-19".",* hoy Herimamy Michel Nirina, tale lefitry ny Masoivoho Vonjy SMMEC. Marihina fa nanomboka ny taona 2019 no nahazo ny fankatoavana hiasa manerana ny Nosy ny SMMEC, izay orinasa malagasy misehatra amin'ny fandraharahana ara-bola. Manana masoivoho 136 amin'ny faritra 15 manerana ny Nosy.





**Manohana ny hetsika ara-panatanjahatena "Open Chinjok" ny SMMEC.**

**"Open Chinjok"**

Nanapa-kevitra ny hanohana ny hetsika arapanatanjahatena "Open Chinjok" ny SMMEC. Hotanterahina amin'ny 29 sy 30 aprily ho avy izao ao Mahamasina. Mpikatroka Taekwondo 540 amin'ny sokajin-taona rehetra avy amin'ny ligin'Analamanga, Vakinankaratra, Matsiatra Ambony, ary Atsinanana no handray anjara. *"Iarahamahalala fa tandindonindoza amin'ny fiparitahan'ny zava-mahadomelina ny tanora malagasy ankehitriny. Mahatsiaro ho manana anjara biriky amin'izany ny SMMEC, koa sady voataiza ny vatana no ho voatsinjo ny fiharian-karena. Hanao fanabeazana ara-bola ho an'ireo tanora handray anjara amin'ity hetsika ity izahay. Tsy hijanona amin'ny fanabeazana ara-bola ny tohana omenay fa hojerena koa ny fahafahana mamatsy vola ny fiharin-karen'izy ireo.",* hoy hatrany ity tale lefitra ao amin'ny SMMEC ity.

R. Muray

FIM 2023

# Tsy hampiasa afa-tsy herinaratra avy amin'ny masoandro



**Nivory niaraka tamin'ny solontenan'ireo mpandray anjara teny Tanjombato ny mpikarakara ny FIM 2023. (Sary : Kelly R.)**

Hotanterahina amin'ny 11 ka hatramin'ny 14 may ho avy izao ny FIM (Foire Internationale de Madagascar). Hovohizin'ny mpikarakara manokana ao anatin'ity varotra fampirantiana iraisam-pirenena ity ny fomba fandraharahana mikajy ny tontolo iainana, koa tsy hampiasa afa-tsy herinatra avy amin'ny herin'ny masoandro ny mpikarakara sy ny mpandray anjara rehetra mandritra efatra andro hanatanterahana ny hetsika ao amin'ny "Forello Expo" Tanjombato. Hisy orinasa sy fikambanana maherin'ny 30, izay samy matihanina amin'ny fiarovana sy ny fikajiana ny tontolo iainana, ho avy haneho ny fahaiza-manaony amin'ireo mpitsidika sy mpandray anjara rehetra mikasika ny fombafomba sy ny tekinika azo ampiharina amin'ny fiainana andavanandro hiarovana ny tontolo iainana. Nanokanana toerana amin'ny velarana 1 200 $m^2$ (metatra toradroa) mihitsy ireto farany hanaovana io fampirantiana momba ny tontolo iainana io. Raha ny fampitam-baovao nomen'ny mpikarakara omaly dia efa feno avokoa ny toerana hahafahana mandray anjara amin'ny FIM 2023. Hiparitaka amin'ny tranoheva maherin'ny 350 ireo mpandray anjara.

R. Muray

Tsenaben'ny "plantes"

# Efa antsasany mahery ny tranoheva voafandrika



**Isan'ny voninkazo tena malaza be amin'izao izy ity.**

Ny 60% an'ireo tranoheva no efa voafandrika amin'izao, izay handray anjara amin'ilay hetsika Tsenaben'ny "plantes". Io no nambaran'i Baholy Sarah, tomponandraikitra voalohany mikarakara ity hetsika ity. Mihazakazaka tanteraka ireo olona liana hampiranty ny vokany, hoy hatrany ity mpikarakara ity, ka na dia mbola iray volana mahery kely mialoha ny hanatanterahana ny hetsika, efa betsaka ny manao famandrihana. Tsiahivina, amin'ny 1 hatramin'ny 4 jona izao ao amin'ny Lapan'ny Kolontsaina sy Fanatanjahantena Mahamasina no hanatanterahana ity andiany voalohany amin'ny Tsenaben'ny "plantes" ity. Ny "La Page" no tomponkevitra, ny Rian'ala kosa no mpikarakara. An'isan'ny santionany amin'ireo efa nisoratra anarana ny La Maison du Vita Malagasy, Site Permacole, Andrin'ny Aina, Semences Madagascar, Mam's Anthurium, Kaliana Garden, Chez Coffret Mini, ADI'Gasy Company, Ando Pépinière, Ecovillage Madagascar, Cedar, Mi Florist, Rian'ala, Nature & Pure énergie, Santé et Bien-être, Ravindahasaha, Fandriana, House and Garden, Manana Voninkazo, Lorenah Garden, Producteur de semences. Hisy « magazine La Page » hivoka amin'io fotoana io ihany koa, ary hisy isakin'ny enim-bolana izany. Ho fanampiana sy fametrahana ny tontolon'ny fambolena ho sehatra mivelatra sy matianina no antony.

Rabenaivo

# VALIHA

**Avoakan'ny Fikambanan'ny Poety sy ny Mpanoratra Malagasy**
**Havàtsa-UPEM - Laharana 324 - 27 Avrily 2023**


*ANDALA-NOTSONGAINA*
*Atolotr'i Vero*

(...)
Raha misy mitady ny tena hafaliana
Tsy azon'ny ratsy akoro, ravana
Dia tokana monja no azo valiana
Ny FANANTENANA

***Régis RAJEMISA RAOLISON***
*in Tatamo tak. 40*

## MATOANDAHATSORATRA

### Hafa ihany ny boky

Raha vao volana avrily tahaka izao diam by an-tsaina ny vaingan'asan'ireo mpanoratra, tsy inona izany fa ny famoahana boky. Ny 23 avrily tokoa mantsy no ankalazana ny andro iraisampirenena ho an'ny boky sy ny zon'ny mpanoratra. Manana ny heriny sy tanjaka mahery vaika any an-tsain'ny Mpino izay voasoratra ny boky. Izay no mahatonga azy ho fanabeazana, tsy hiresaka ny mifanohitra an'izay. Hahatsiahy kely indray ny matoandahatsoratra efa novoasanay teto taona vitsivitsy lasa izay nanatsidika ny tantara.

Vokatry ny fankatoavana ny voalazan'ny boky izay voalaza fa « Soratra Masina" dia betsaka ireo nahafoy ny ainy ho maty Maritiora. 1937, izany hoe 2 taona monja taorian'ny nahavitana printy ny baiboly dia efa maty maritiora ry Rasalama. Am-polony maro ireo Malagasy no nanaiky novonoina satria tsy nety nivadi-pinoana fa nanaiky sy resy lahatra ny amin'ny fampianaran'i Jesoa Kristy. Fa nahoana no olo-malaza ary tena be mpanaraka maneran-tany hatramin'izao ankehitriny izao izany Jesoa Kristy izany ? Valiny tsotra : satria voasoratra ny tantarany. « Ny teny mandalo fa ny soratra mitoetra ». Tsy ny Kristiana ihany fa maro koa ireo karazam-pinoana hafa manana olona an-tapitrisany manaraka, ohatra : ny Silamo. Ny antony dia satria voasoratra ary sarotra disoina ny tantaran'ireo olo-malaza naharesy lahatra tao.

Manodidina ny dimampolo any ho any farafahakeliny ny isan-takila antsoina hoe boky. Maro karazana ny endriny. Ao ny kely dia kely antsoina amin'ny teny tekinikan'ny boky hoe A12, misy ny A8, A6, A5, A4, A3 ; ny habeny hatrany no mametra ireo. Fa tena maro karazana koa ny votoatin'ny boky, toy ny : tantara, jeografia, rakibolana, matematika, fizika, siansa, fampianarana, fivavahana, rakitsary, literatiora, sy ny sisa. Raha io literatiora io no asian-teny dia mbola maro karazana koa : ao ny tantara foronina, ao ny tantara an-tsehatra, ao ny amboaran-tononkalo, ao ny sombintantara, ao ny famakafakana, ao ny angano sy ny sisa.

Manan-danja raha samy boky ny boky mirakitra fanabeazana, fa sady mampitombo fahaizana izy ireny no natao hialana voly. Raha samy hamiza-maso amin'ny famakian-teny ihany, aza lany andro amin'ny boky tsy mitera-bokatsoa, mety manaitaitra fotsiny, mety ho mahavariana, mety hampihetsi-po, saingy mitondra mankaiza eo amin'ny fibeazana ? Mitarika ny sain'ny Ray aman-dReny sy ny Mpanabe avy hatrany mba hampirisika ny ankizy ho tia vakiboky ary tokony hahay hifantina ny boky mendrika hovakin'ny ankizy araka ny taonany, satria ny boky mahasoa dia mamelona ; fa ny boky tsy mahasoa dia mamotika.

Ahoana anefa no anavahana ny mahasoa sy ny tsy mahasoa, ny mety sy ny tsy mety ? Ny teny ao amin'ny baiboly no aoka indramina : « fantaro ny zava-drehetra, hazony mafy izay tsara », « fantaro amin'ny voany ny hazo » ; koa dia fantaro amin'ny endriny ny boky tsara hovakina...Raha antsoina hoe Mpanankarena ny olona manana omby 50, dia azo lazaina fa manan-karena be koa ny olona manana boky manerana ny efitranony (...) Izay tia vakiboky, tia fahalalàna, olo-mandroso. Meteza re ho izany !

***Hajaina ANDRIANASOLO***

## DIAM-PENINA

**MIVONONA SOMBIN'AINA**

Mivonona sombin'aina
Efao tokoa ny adidy,
Ny fianarana no aina
Io no lova sarobidy.
Milofosa hatrany hatrany
Miezaha, ialao ny laina,
Na ho mafy aza izany
Mivonona sombin'aina.
Meteza hahay handrindra
Fa maro fandrika ety,
Dia mahaiza koa mamindra
Mba tsy ho solafaka ny dia.
Mivonona sombin'aina
Aoka ianao tsy ho resy,
Ny tanjona andrandraina:
Ny hivoaka ho mpandresy.
Izao no ataovy an-tsaina,
Ny hihemotra fadio,
Mivonona sombin'aina
Fa ho tafita ianao anio.

**LovaMiar'shu 02-09-21, in FOHAZY**


**GAZETY VALIHA**
**Mpanorina :** *Célestin ANDRIAMANANTENA*
**Talen'ny famoahana :** *Hajaina ANDRIANASOLO*
**Tonian'ny fanoratana :** *RAINIHAROMISA Fanjaniaina*
**Tonia mpanampy** *Itsipika RAMORAVELONA*
**Komitin'ny fanoratana :**
-RANJATOHERY Harilala
-RAZANAMPAMONJY Danielle
-RADOMANANTOANINA Tahirisoa
-RAHEZARISOA Sannie
-RASOAVEROMANANA Lala
**Foibe :** Tahala Rarihasina Analakely
**Tel.** +261 34 01 367 51
**Mailaka :** havatsa.upem@gmail.com


## VOAMBOLANA

**Mariry :** ilazana ny hazo na zavamaniry ringidringitra, tsy misy ravina intsony.

Oh.: *" Toa lisy maina, toa raozy malazo,*
*misento fa ory sy manina anao,*
***mariry** tsy fantatra, angaha voninkazo?*
*Asa, tsy fantatra hatramin'izao."*
*J.J. Rabearivelo (Lova, tak. 16)*

**Miheby:** fihetsika maneho fahasahiranana amin'ny fanakanana na fampijanonana.

Oh.: *"Aza manasa-tena **miheby** izay tsy nokasainy; ary aza sahirana miaro izay tsy heveriny."*
*Jupiter na Rainizanabololona,*
*Ny Lakolosy volamena, laharana 109, 19 avrily 1912*

**Manotohoto:** mandrotidrotika.

Oh.: *"Toa **manotohoto** loatra ity endriko mahory,*
*'zato embona aman-tsiahy 'zay to' tsy miantra akory."*
*Le Myosotis na Charles Ratsaraoelina,*
*Fandrosoam-baovao, laharana 332, 3 mey 1938*

**Mimaona :** miriotra mafy.

Oh.: *« Ankaratra midona dia mampisara-taona,*
*Mitory sy maneho fa ny andro dia **mimaona**."*
*Rodlish na Arthur Razakarivony*
*Kalokalo tatsinanana, tak. 41-42*

***RANJATOHERY Harilala***

## VAOVAOM-PIKAMBANANA

Noho ny hateren'ny takila ka tsy nahafahana namoaka vaovao maro tamin'ny volana marsa dia indro misy vaovaon-tSampana ampitaina. Vaovao hatrany!

- ***Sampana Havàtsa-UPEM Antsirabe***

- Notanterahina ny Alarobia 22 Febroary 2023 tamin'ny 02 ora folakandro tao amin'ny Tranoben'ny Serasera sy ny Kolontsaina AKON'ANKARATRA Antsirabe ny fankalazana ny andro iraisampirenena ho an'ny Tenin-drazana. Velakevitra nampitondraina ny lohateny hoe: **«Ny faka nipoirana sy niandohan'ny Teny malagasy»** izay nanasana ny rehetra, indrindra ny mpianatra moa ny fanamarihana izany. Tonga marobe ny mpanatrika ka ny masoandro mody no nampalahelo . Nelanelanina antsa tononkalo ny fotoana.






- Ny Alarobia 22 Marsa 2023 tamin'ny 02 ora folakandro kosa no notanterahina tao amin'ny Tranoben'ny Serasera sy ny Kolontsaina AKON'ANKARATRA Antsirabe ny fankalazana ny andro maneran-tany ho an'ny Tononkalo izay niarahana tamin'ireo Poety sy Mpanoratra marobe avy amin'ny Fikambanana na tsia. Antsa tononkalo ranoiray no nentina nankalazaina izany ka tonga nifanotrona tamin'izany hetsika izany ny Sampana HAVÀTSA-UPEM Antsirabe, ny FARIBOLANA SANDRATRA ANTSIRABE, ny FARIBOLANA SANDRATRA BETAFO, ny Fikambanana TANORA MANEHO NY KANTO Antsirabe, teo ihany koa ny mpanatrika izay nandray anjara.
Tonga nianoka ny antsa tononkalo ny avy amin'ny AFHAM na ny "Association des Femmes Handicapées de Madagascar" Antsirabe, ireo mpianatra avy amin'ny Sekoly samihafa toy ny avy ao amin'ny Lycée André RESAMPA Antsirabe, ny Sekoly VOATSINAMPY Antsirabe, ny COURS FAMENO Antsirabe, ny E.P.P Antsampanimahazo sy ireo mpankafy ny haisoratra. Afa-po ny rehetra ka nalai-nisaraka.

***SAINA MAHATSANGY - RAKOTOSOLOFO Serge***
***Filohan'ny Sampana HAVÀTSA-UPEM ANTSIRABE***

## FANAZAVANA OHABOLANA

**« Solanga mahazo, joko mahavoa.»**

Ny tandrok'omby miakatra somary mankany ivoho no atao solanga. Ny mifanohitra amin'izay kosa ny joko : tandroka somary miondrika. Fomban'ny ombalahy solanga tandroka, rehefa miady, ny mifioka ambany ary misingotra ny mifanandrina aminy. Raha tsy mahay miala io dia ho voatrabaka eo amin'ny tendany. Ny an'ny omby joko tandroka kosa dia ny manoto mahitsy somary mifetoka kely no ataony ary mitevika ny ombalahy iadiany. Raha tsy miala io dia ho voatsindrona eo amin'ny vozony na ny kibony. Samy ahombiazana, araka izany, na ny solanga tandroka, na ny joko, tandroka. Ohabolana enti-milaza ny fetezana amin'izay fomba samihafa heverina hiatrehana izay atao izany. Mby amin'ny fiteny mahazatra antsika manao hoe "izay atao mety daholo".


***RANJATOHERY Harilala***

## VAOVAOM-PIKAMBANANA

- ***FAHA 110 TAONAN'I REGIS RAJEMISA RAOLISON***
***(08 mey 1913-08 mey 2023)***

Filoha Mpanorina ny UPEM tamin'ny taona 1952. Hisy fotoam-pankalazana manetriketrika ny alatsinainy 08 mey 2023.




## IZANY MOA ...

*BOKY TANTARAN'I MADAGASIKARA AMIN'NY TENY MALAGASY*

Ny fahalalana ny tantaran'ny firenen'ny tena no fototra iray lehibe ahazoana ny milaza ny olona iray ho miorim-paka amin'ny maha izy azy. Ny tahaka izany no antsoina hoe fototr'olona, izany hoe manam-pototra. Ny mifanohitra amin'izay kosa no tondroina ho olona tsy misy fotony. Fampianarana sy fanabeazana no fomba mahazatra sy mahomby hampitana ny tantara any an-tsekoly. Ambonin'izany koa anefa dia loharano azo anovozana ny tantaram-pirenena ihany koa ny boky nosoratan'ireo avara-pianarana nikaroka sy nandalina momba izany.

Tato ho ato, raha tombanana amin'ny fandraisan'ireo olona milaza ny heviny momba ireo lahatsoratra samihafa momba ny tantaran'i Madagasikara miranty ao amin'ny fesiboky, dia tena ankasitrahan'ny maro tokoa ny fisian'ireny fanazavana na fanadihadiana momba ny tantaran'ny firenentsika ireny. Vanim-potoana samihafa eo amin'ny tantaran'ny nosy mihitsy aza no vahavahana ao amin'ireny lahatsoratra ireny. Ankasitrahana ireo rehetra manao ho zava-dehibe ny fizarana ny tantaran'ny lasa. Hita ho maro dia maro ny olona liana amin'ny tantaran'i Madagasikara.

Ny zava-misy anefa : maro amin'ny boky momba ny tantaran'ny firenentsika no amin'ny teny vahiny (frantsay, anglisy...). Vazaha no nanoratra azy ireny, kanefa eo dia eo koa ny Malagasy. Raha ny marina koa dia boky niainga tamin'ny voka-pikarohana natao hahazoana mari-pahaizana ny ankamaroan'izy ireny. Azo lazaina ho vitsy ihany ireo boky momba ny tantaran'i Madagasikara nateraky ny fitiavana hanoratra sy hamoaka izany fotsiny amin'izao. Olana mbola saro-bahana rahateo ihany koa ny famoaham-boky eto amintsika noho ny halafosany.

Mbola azo ambara ho ankanifisana ny boky momba ny tantaran'i Madagasikara amin'ny teny malagasy. Marobe anefa ireo voka-pikarohana misy ankehitriny, nataon'ireo mpianatra tantara sy mpikaroka momba izany. Na dia amin'ny teny vahiny aza izy ireny, dia heverina fa azo atao tsara ny mampiasa azy ireny hanoratana boky amin'ny teny malagasy momba ny tantaran'ny firenentsika. Tsy misy na iza na iza azontsika andrasana hanao izany, fa tsy maintsy isika malagasy ihany. Tsy mahadiso rahateo koa ny milaza fa ny Malagasy no tokony hisitraka voalohany ny voka-pikarohana hita momba ny tantarany amin'ny lafiny samihafa. Tombony ho antsika ny fivoaran'ny teknolojia sy ny fivoaran'ny fomba fiasa amin'ny fikarohana momba ny tantara. Tsy tokony ho diso anjara amin'ny fisitrahana ny tombontsoa aterak'izany ny sarambaben'olona eto amin'ny nosy. Teny atsipy amin'ny manam-panahy...

***RANJATOHERY Harilala***
***Mpikambana Mahefa ao amin'ny Akademia Malagasy***